# TOROLALANA HO FIKAJIANA NY TONTOLO IAINANA



# TOROLALANA HO FIKAJIANA

# NY TONTOLO IAINANA


- Tenin'dRamatoa Minisitry ny Tontolo Iainana, ny Haivoahary ary ny Ala………................... 1

2. Ireo tanjona sy fetran'ny taridalana/torolalana………………................... 2

3. Famaritana :…………………………………………………….................. 2

- Tontolo iainana……………………………………………………......…............. 2
- Ekolojia……………………………………………………………...................... 3
- Fampandrosoana maharitra……………………………………………….................... 3
- Fampifananarahana ny fampiasam-bola amin'ny tontolo iainana……………................... 3
- Faritra marefo/saro-pady ………………………………………………………................... 3
- Fanaraha-maso ny tontolo iainana ……………………………………….................... 3
- Tahirin-tany natokana ho an'ny fambolen-kazo………………………………................... 3
- Fandotoana………………………………………………………………….................... 4
- Lasitra eo anivon'ny faritra voaaron'ny Madagasikara……………………................... 4
- Fitantanana maharitra ireo loharanon-karena voajanahary azo havaozina....................... 4
- Bokin'andraikitra ara tontolo iainana…………………………………………................... 4

4. Fantaro ny andraikitrao:

- Fambolen-kazo………………………………………………………………... 6
- Famindram-pitantanana ireo harena voajanahary azo havaozina…………... 12
- Fitrandrahana ny Ala……………………………………………………… 16
- Fanaraha-maso ny Ala........................................................................................ 22
- Ady amin'ny doro tanety……………………………………………… . 26
- PNEDD............................................................................................................... 30
- PErEDD.............................................................................................................. 32
- SNICEDD........................................................................................................... 34
- Fandravonana ny fitarainana ara-tontolo iainana…………………………… 36
- Fanadihadiana momba ny fiantraika eo amin'ny tontolo iainana…………... 40
- Pesta sy ny fiarovana ny Tontolo Iainana......................................................... 48
- Ady amin'ny fiovan'ny toetr'andro………………………………………. 52
- Faritra arovana eto Madagasikara…………………………………….. 56
- Fanajariana ara ekolojika ny sahandriaka.......................................................... 64

## 1. TENIN'DRAMATOA MINISITRY NY TONTOLO IAINANA, NY HAIVOAHARY ARY NY ALA:

Ny Kaominina sy ny Fokontany no kitro ifaharan'ny fampandrosoana amin'ny maha akaiky azy ireo ny vondron'olona ifotony. Na izany aza anefa dia tsy afa-misaraka amin'ireo Tompon'andraikitra isan-tsokajiny ny kaominina sy ny Fokontany amin'ny fiaraha-miasa ho fampandrosoana ny faritra misy azy ireo tsirairay avy.

Raha ny tontolo iainana no resahina, dia miovaova hatrany hatrany ny tranga mahakasika azy io.

Izany indrindra no hilàna ny fanamafisana ny traikefa sy ny fahafahan'ireo Tompon'andraikitra eny anivon'ny fiaraha-monina, mba haharaka mandrakariva ny fepetra sy mba hahafahan'izy ireo mandray ny andraikitra tandrify azy avy amin'ny fanatanterahana ny pôlitika nasionaly momban'ny tontolo iainana ho fampandroasoana maharitra sy lovainjafy.

Tsara ihany koa no manamarika fa tokony hanana fitaovana hoenti-miasa ireo tompon'andraikitra ireo, ho fanamorana ny fandraisan'izy ireo andraikitra eny amin'ny fiaraha-monina misy azy tsirairay avy. Noho izany indrindra no antony foto-pisian'ny "Taridalana/torolalana ho fikajiana ny tontolo iainana ho an'ny Tompon'andraikitra eny anivon'ny fiaraha-monina". Ity Taridalana/torolalana ity dia mirakitra fampianarana, fampahafantarana ary koa fitaovana hoenti-miasa eny ifotony araka ny voalaza teo aloha amin'ny fijerevana ny lafiny ara tontolo iainana eo anivon'ny sehatry ny fampandrosoana.

Araka ny lalàna mitondra ny laharana faha 94-007 momban'ny fahefana, andraikitra ary ny loharanon-karena iadidian'ny Vondrom-paritra Itsinjarampahefana: «Ny Vondrom-paritra Itsinjaram-pahefana izay tohanan'ny fanjakana foibe no miadidy ny fikajiana ny tontolo iaianana sy ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina ao aminy».

Ity taridalana/torolalana ity dia fampiasa manoloana trangan-javatra na olana misy eny ifotony mba tsy hanadinoana ny fepetra sy ny fanapahan-kevitra takiana ara tontolo iainana. Noho izany dia azo hatsaraina miandalana araka ny zava-misy na araka ny filana ity torolalana ity.

Fa inona tokoa moa no antony mampavesa-danja ny tontolo iainana raha ny fampandrosoana no resahana ?

Isan'ny laharam-pahamehana amin'izao vanimpotoana iainantsika izao ny fijerena ny lafin'ny tontolo ianana eo amin'ny tontolon'ny fampandrosoana, na eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, na nasionaly, na koa eny anivon'ny fiarahamonina izany, mba ho antoka ho amin'ny fampandrosoana maharitra sy lovainjafy.

Ny fanomezana lanja ny tontolo iainana dia midika ho fampifandrindrana ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fanatsarana ny ara-tsosialy ary ny fandrosoana ara-toe-karena.

Androany, faha:

Ny Minisitry ny Tontolo Iainana, ny Haivoahary ary ny Ala

MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT, DE L'ECOLOGIE ET DES FORETS

Docteur NDAHIMANANJARA Johanita

## 2. IREO TANJONA SY NY FETRAN'NY TARIDALANA/TOROLALANA

- Manamafy ny fahaizan'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny, anisan'izany ny Ben'ny Tanàna, amin'ny tokony ho fantatra manodidina ny tontolo iainana.

- Manome fitaovana hoenti-miasa eny ifotony, manoloana ny tranga iray mila vahàna mahakasika ny tontolo iainana fa tsy voatery ho vakiana hatramin'ny farany.

- Manome lanja ny lafiny ara tontolo iainana mba ho isan'ny laharam-pahamehana ao amin'ny andraikitra sahanin'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny, tsongaina amin'izany ny Ben'ny Tanàna, ary koa mba hampisy ny fiovana ara-piheverana hiafara amin'ny fahazarana mikajy ny tontolo iainana.

- Manamora ny fandraisana andraikitra sy mba ahafan'ny Ben'ny Tanàna sy ny tompon'andraikitra samihafa eny anivon'ny fiarahamonina hampiantra tanteraka sy feno ny fepetra marina tandrify azy ireo tsirairay avy amin'ny seho rehetra mety ho hita mifandraika amin'ny tontolo iainana mandritra ny fotoam-pitondrany.

- Manamora ny fahazoana ny seho na tranga mahakasika ny fitantanana ny tontolo iainana, nefa kosa tsy mahasolo velively ireo didy aman-dalàna mifehy ny tontolo iainana na koa ireo torolalana manokana mahakasika tetik'asa iray. Izany indrindra no antom-pisian'ireo fitsiahy isaky ny faran'ny lohahevitra mba ahafantarana misimisy kokoa ny mahakasika ny toe-javatra iray voalaza ato anatin'ity torolalana ity.

- Araka ny voalaza tao amin'ny tenin'Andriamatoa Minisitra dia miovaova hatrany hatrany ny tranga mahakasika ny tontolo iainana. Noho izany tsy ny seho rehetra mety ho hita momban'ny tontolo iainana no voarakitra ato amin'ity taridalana/torolalan ity amin'izao fiandohana izao fa ireo mateti-pitranga ka mila handraisana fepetra haingana.

## 3. FAMARITANA MANODIDINA NY TONTOLO IAINANA

❖ **Tontolo iainana:**

Araka ny Sata mifehy ny tontolo iainana Malagasy, ny tontolo iainana dia fitambaran'ireo singa natioraly mirindra sy ireo singa artifisialy, ny olombelona ary ireo rafi-piaraha-monina sy kolon-tsaina izay misy ifandraisany amin'ny fampandrosoam-pirenena.

Ny tontolo iaianana dia mirafitra ho fangaro tahaka izao :

- Fangaro fizika : ny tany, ny rano, ny masoandro, ny rivotra, ny harena jeolojika, ny volana , ny kintana…
- Fangaro biolojika: ny biby sy ny zava-maniry an-dranomasina sy an-tanety ….
- Fangaro ara-toe-karena sy sosialy:
    - Ny mponina (ny fahasalamana, ny fampianarana, ny fitanterana,…)
    - Ny toe-karena (ny fitrandrahana, ny fidiram-bola…)
    - Ny kolontsaina sy ny ara-pinoana: (ny fomba amam-panao, ny fady, ny vakoka…)

❖ **Ekolojia :**

Ny «Ekôlôjia » dia siansa izay ahafahana mamantatra sy manazava, manadihady ny fifandraisan'ireo samy zava-mananaina ety ambonin'ny tany sy ny fifandraisan'izy ireo amin'ny tontolo manodidina azy (ireo singa mpamaritra ny tontolo iainana)

❖ **Fampandrosoana maharitra:**

Lamina ara-pandrosoana mifototra amin'ny andry telo :

- Fandrosoana ara toe-karena.
- Fifandanjana sy firindrana ara-piaraha-monina.
- Fikajiana ny tontolo iainana mba ho lova ho an'ny taranaka faramandimby.

Fampandrosoana mamaly ny filana ankehitriny nefa tsy mifanipaka amin'ny filan'ireo taranaka faramandimby.

❖ **Fampifanarahana ny fampiasam-bola amin'ny tontolo iainana:**

- Jery lanja ny tetik'asa efa andalam-pitrandrahana.
- Mitovy amin'ny lamina sy fepetra momban'ny antontan-taratasy mahakasika ny Fanadihadiana momba ny Fiantraikany eo amin'ny Tontolo Iainana.
- Fanomezana "fanamariham-pifanarahana" rehefa nahafa-po ny jery lanja natao tamin'ny antontan-taratasy.
- Fanomezana "tapakila maha ara-dalàna ara-tontolo iainana" rehefa nahafa-po ny jery lanjan'ny antontan-taratasy tamin'ny « fisafoana ara-tontolo iainana ».

❖ **Faritra marefo/saro-pady:**

Faritra :

- Arafitry ny singa iray na maro ara biôlojika, ekolojika, toetr'andro, fizika sy simika, koltoraly, fiarahamonina sy toe-karena.
- Manana lanja manokana sy mora simba manolona ny asan'olombelona sy ny tranga voajanahary mety hitarika fiovana/fikorontanana eo amin'io faritra voalaza io.

❖ **Fanaraha-maso ny tontolo iainana :**

Tsy voatery hatao aorian'ny fitarainana ny fanaraha-maso. Ny fanaraha-maso dia mety ho isaky ny fotoana voafaritra na miankina amin'ny trangan-javatra misy.

❖ **Tahirin-tany natokana ho an'ny fambolen-kazo :**

Ny tahirin-tany ho amin'ny fambolenkazo dia ireo toerana na tany nofaritan'ny sampan-draharahan'ny ala niaraka tamin'ny ambaratongam-panjakana hanaovana fambolenkazo. Mety efa nahazo didim-pitondrana fanasokajiana avy amin'ny fananantany na avy amin'ny faritra.

Toerana natokana ho fambolen-kazo ka mety ho tanim-panjakana, na tanin'ny Kaominina, na faritry ny alampirenena na koa ireo tany nanaovana asa ho fampiroboroboana ny hazo teo aloha (ZODAFARB).

❖ **Fandotoana:**

- Fiovana eo amin'ny habetsahana na ara kalitao ny toetoetra azo tsapain-tanana, simika ary biolojika eo amin'ny singa maro anatin'ny tontolo iainana (rivotra, tany, rano…)
- Fidiran'ny karazan-javatra mety hampisy fiantraikany eo amin'ny fahasalaman'ny olombelona na eo amin'ny kalitaon'ny tontolo iainana, ao anaty rano, eny amin'ny rivotra na amin'ny tany.

❖ **Lasitra eo anivon'ny faritra voaaron'i Madagasikara:**

Fitambarana toerana ahitana:
- Ireo toeram-piainana lehibe eto Madagasikara
- Ireo toerana afaka mitahiry sy ahafahan'ny zava-boaary miaina toy ny biby sy ny zava-maniry
- Toeram-piainana mamela malalaka ny firindran'ny fifanakalozana ara-jenetika izay ilaina amin'ny fahamarinan-toeran'ireo karazan-javaboaary.

❖ **Fitantanana maharitra/mahomby ireo loharanon-karena voa-janahary azo havaozina:**

Fitantanana ny loharonon-karena voajanahary mandray antanana ny fandrosoana ara-toe-karena sy ny maha izy azy ara-tsosialy ireo vondron'olona miantehatra mivantana na tsia amin'ireo harena ireo, amin'ny andaniny, nefa koa mikajy ireo loharanon-karena voa-janahary ireo ho afaka ahitan'ireo taranaka faramandimby tombontsoa, amin'ny ankilany.

- o **Tanteza:**

Famindrana ny fiTANtanana ny harena voajanahary amin'ny Vondron'Olona Ifotony mba hampaTEZA azy.

- o **GCF (Gestion Contractualisée des forêts) :**

Fifanarahana Famindram-pitantana ireo harena mahakasika ny ala ary miompana indrindra amin'ny fiarahamitantana ny eo amin'ny vondron'olona ifotony, ny Ministera tompon'andraikitra ary ny Kaominina

❖ **Bokin'andraikitra ara tontolo iainana :**

Tahirin-kevitra mirakitra ny sori-dalana tokony ho arahin'ny tetik'asa iray. Ny tsy fanarahana azy dia mitarika sazy voafaritra araka ny lalàna manan-kery.

❖ **Kolo Ala**

Faritr'ala midadasika natokana hanaovana fitrandrahana sy fanomezan-danja ny vokatra avy @ ala, ka manana sata manokana mifehy azy. Miainga avy amin'ireo faritra ireo no atao ny tolobidy ny ala ho trandrahana

## 4. FANTARO NY ANDRAIKITRAO

| | |
|---|---|
| ■ (mainty) | Andraikitra |
| ■ (mena) | Tandrifim-pahefana |
| ■ (manga) | Zo |

**1. Famaritana**

Ny atao hoe fambolenkazo dia fitambaran'ny dingana rehetra entina mamokatra ala amin'ny alalan'ny fambolena zanakazo, miainga avy amin'ny fanomanana ny voa, ny fikarakarana taninjanakazo ka mipaka hatramin'ny fazahoana ala manana ny anjara asany. Mety manana tanjona samihafa ny fanantanterahana azy fa ny fanitarana velarana ala no iraisan'ny rehetra.

**3. Olana mpitranga**

- Tsy voafaritra mazava ny toerana tokony hanaovana fambolenkazo ka izay toerana tsy ilaina no anatanterahana azy ireo, hany ka tsy misy vokatra tsara
- Olana ara-tany : tsy misy fazahoana antoka ny toerana ambolena ny hazo ka tsy mamparisika ny olona ny hanatanteraka asa maharitra eo.
- Tsy ampy ny fanofanana sy fiahiana ara-teknika indrindra ho an'ireo olon-tsotra manao fambolen-kazo
- Vitsy ny mpandraharaha marisika amin'ny fambolenkazo
- Tsy ampy ny fanaraha-maso ny hazo novolena;
- Tsy mamparisika ny olona ny hanao fandaniana amin'ny tetikasa lavitr'ezaka toy ny fambolenkazo (vola hividianana masomboly, vola hamokarana na hividianana zana-kazo sns)

**5. Dikan'ny fanafohezan-teny:**

**KASTI:** Komitin'ny Ala sy ny Tontolo Iainana
**FDL:** Tahiry ho Fampandrosoana eny Ifotony;
**ONE (FTI):** Foibem-pirenena momba ny tontolo Iainana;
**PCD:** Drafitr'asa Kaominaly momba ny Fampandrosoana;
**PRD:** Drafitr'asam-Paritra momba ny Fampandrosoana;
**RFR:** Tahirin-tany natokana ho an'ny fambolen-kazo;
**SNGF:** Silo National des Graines Forestières, sampan-draharaha miaraka amin'ny ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Ala mpamokatra ambioka sy zana-kazo.

**6. Famaritana andraikitra**

# Fambolen-kazo an'olon-tsotra

| Tompon'andraikitra / Asa | Vondron'olona ifotony | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny Kaominina |
|---|---|---|---|
| **Fanentanana mikasika ny fambolen-kazo** | Manentana ny mpikambana hanantanteraka ny fambolen-kazo araka ny drafipanajariana | Mamporisika ny vahoaka hannao fambolen-kazo amin'ny toerana misy azy<br><br>Manentana ny famokarana tanin-janakazo | Manao fanentanana mandritra ny fivoriana, fitsidihina atao any ifotony ny fanantanterahana sy ny fiarovana ny fambolen-kazo<br>Mandray fangatahana, manamarina ny fananan-tany ary manome ny fahazoan-dalana<br>Mametraka ny fambolen-kazo an'olon-tsotra ao anatin'ny PCD<br>Mampahafantatra ny fisian'ny olona hanantanteraka ny asa<br>Mampahafantatra ny karazan-kazo volena.<br>Manao ny fanentanana |
| **Fanofanana** | Miantso tomponandraikitra hampanao fiofanana ny mpikambana | Mampahafantatra ny olona maniry hanao fiofanana ny tokony hatoniny | Mampahafantatra ny olona maniry hanao fiofanana ny tokony hataony<br>Manome torolalana ny Fokontany voakasiky ny asa |

2. **Tanjona:**

- Famokarana hazo sy vokatra hafa (fanafody, ilo ifotony, sakafo);
- Famatsiana angovo
- Fiarovana ny nofon-tany sy loharano ary sahandriaka;
- Fanatsarana endrika ny tontolo;
- Fampitomboana ny fitrohana ny entona karbona.
- Fampitomboana ny velarantany rakotra ala hampihenana ny vesatry ny fiovaovan'ny toetrandro

4. **Lafiny ara-lalàna sy fitsipika:**

- Lalàna laharana 97-017 tamin'ny 08 août 1997 mahakasika ny fanavaozana ny lalàna momban'ny ala;
- Didim-panjakana laharana 97-1200 tamin'ny 02 oktobra 1997 nametraka ny Politika momba ny ala;
- Didim-panjakana laharana 2000-383 du 07/06/2000 mikasika ny fambolen-kazo;
- Didim-pitondrana iarahan'ny Ministera laharana 9398/2000 enti-mampihatra ny didim-panjakana laharana2000-383 tamin'ny 07 Jona 2000 mikasika ny fambolen-kazo;
- Didim-pitondrana laharana 2747 – MDR/FOR/REF/MVF mametraka ny adidin'ny mpitrandraka ala mikasika ny fambolen-kazo;
- Didim-**panjakana laharana faha 2000-383 du 07/06/2000 mikasika ny famoronana ny RFR.**







| Distrika | Prefektiora | Faritra | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy ny Ala | SNGF | ONE |
|---|---|---|---|---|---|
| Manampy ny KASTI amin'ny fanentanana | Manetsika ny rafimpanjakana hanao fanentanana | Manao fanentanana eny anivon'ny Faritra | Mampahafantatra ny fotoam-pambolena Manomana sy mizara ny fitaovam-panentanana Manentana hanao taninjanakazo | Mampahafantatra ny karazam-boankazo misy amin'ny fampirantiana sy fanaovana dokambarotra Famokarana boky tari-dalana | |
| | Mametraka sy mampahafantatra ny tanjona ao antin'ny drafim-pampandrosoana | Mamporisika ny mpandraharaha hiroso amin'ny fiofanana | Manome ny fanofanana ara-teknika ho an'izay mila izany | Afaka manome fanofanana mikasika :<br>-ny famokarana masomboly<br>-ny famokarana zanakazo<br>-ny fambolen-kazo | |

| Tompon'andraikitra / Asa | Vondron'olona ifotony | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny Kaominina |
|---|---|---|---|
| **Famaritana ny tanjon'ny fambolen-kazo** | Fanantanterahana ny voalazan'ny drafipananajriana | Fanomezana torohevitra izay te-hanao fambolenkazo araka ny filana sy ny drafimpampandrosoana eny anivon'ny fokontany | Famaritana ny filàna araka ny drafim-pampandroasoana kaominaly sy fampahafantarana ny olontsotra sy sy mpandraharaha ny tanjona amin'ny fambolenkazo. |
| **Fanampiana** | | Mampahafantatra ny olona maniry hanao fambolenkazo manara-penitra ny tompon'andraikitra tokony hatoniny | Mampahafantatra ny olona maniry hanao fambolen-kazo manara-penitra ny tompon'andraikitra tokony hatoniny |
| **Fanaraha-maso ny fambolena** | Fametrahana ny olona mpanara-maso<br>Fanaovana tatitra ny faritra voavoly amin'ny tomponandraikitra isanambaratongany | Manaitra ny tompony na ny Kaominina raha misy zavatra miseho amin'ny fambolen-kazo | Mampandre ny Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy Ala na ONE (raha mpitrandraka ala sy harena an-kibon'ny tany) raha misy fandikan-dalàna tsikaritra |

## Fambolen-kazo Kaominaly

| Tompon'andraikitra / Asa | Vondron'olona ifotony | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny Kaominina |
|---|---|---|---|
| **FANDRAHARAHANA** | | | |
| **Fanentanana mikasika ny fambolen-kazo** | Manentana ny mpikambana handray anjara amin'ny fambolenkazo | Mamporisika ny vahoaka handray anjara | Mampiditra anaty fandaharan'asan'ny Kaominina (PCD) ny fambolen-kazo<br>Manao ny fanentanana mandritra ny fivoriana, fitsidihina atao any ifotony ny fanatanterahana sy ny fiarovana ny fambolen-kazo |
| **Fanofanana** | Mizara ny traikefa ananany amin'ny mponina manodidina | Mampahafantatra sy mamory ny olona maniry hanao fiofanana | Miara-miasa amin'ny teknisiana avy amin'ny sampandraharahan'ny Tontolo iainanana sy ny Ala amin'ny fanofanana sy fampiharana izany |
| **Famaritana ny tanjon'ny fambolen-kazo** | | Mamaritra ny tanjon'ny fambolen-kazo tiana hatao | Mamaritra ny tanjon'ny fambolen-kazo tiana hatao ary manaraka ny PCD<br>Famaritana ny faritra fambolen-kazo |
| **Famatsiana masomboly na ambioka** | Manangona voankazo avy amin'ny faritra tantaniny | Mamamantatra ireo karazana masomboly tiana hovokarina | Manamafy ireo karazana masomboly tiana hovokarina |
| **Fisafidianana ny toerana hamokarana sy hambolena zana-kazo** | Fanampiana amin'ny fikarohana tany mety anaovana fambolenkazo | Mitady izay tany rehetra azo hamokarana sy hambolena zana-kazo | Manome ny tany izay voamarina ara-taratasy mazava fa an'ny Kaominina<br>Manampy ny teknisiana |

| Distrika | Prefektiora | Faritra | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy ny Ala | SNGF | ONE |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | Manao tantsoroka ara-teknika<br>Manoro hevitra ny karazan-kazo tokony ho volena araka ny tanjona tiana hahatongavana | | |
| | | | Manao tantsoroka ara-teknika<br>Manome zana-kazo na manoro toerana mety ahitana izany | Mpamatsy masomboly sy mpamokatra zana-kazo | |
| | | | | Mandray fepetra mifanaraka amin'ny fandikan-dalàna na manome torolalana ara-teknika raha ilaina | Manara-maso ny bokin'andraikitry ny mpitrandraka ala sy harena an-kibon'ny tany |

| Distrika | Prefektiora | Faritra | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy ny Ala | SNGF |
|---|---|---|---|---|
| **FANDRAHARAHANA** | | | | |
| Manampy ny KASTI amin'ny fanentanana<br>Mampivory mikasika ny drafitr'asa fambolen-kazo ao amin'ny Distrika | Manome baiko ny sampandraharahampanjakana hanatanteraka fambolenkazo | Mampiditra anaty fandaharan'asan'ny Faritra ny fambolen-kazo (PRD) | Manentana ny tsirairay mba hamboly hazo<br>Miara-miasa Amin'ny Fokontany, Kaominina,<br>Distrika, Faritra | Manentana amin'ny alalan'ny fampirantiana, varotra ary dokambarotra sy torolalana amin'ny boky samihafa |
| | | | Manome fanofanana ara-teknika izay mila izany | Manome fanofanana mikasika :<br>-ny famokarana masomboly<br>-ny famokarana zana-kazo ny fambolen-kazo |
| Mamaritra ny tanim-panjakana sy ny tanin'ny Kaominina<br>Miara-miasa amin'ny sampandraharahan'ny Fananan-tany sy Tôpô<br>Manao tatitra amin'ny faritra | Mitsinjara ny toerana hanaovana fambolenkazo amin'ny sampandraharahampanjakana misy | Mijery ny fifanarahan'ny tatitra ataon'ny Distrika amin'ny tanjona nofinidin'ny Fokontany sy Kaominina araka ny PRD | Manao tantsoroka ara-teknika | Manome torohevitra ny karazankazo lety amin'ny tany tokony hanaovana ny fambolenkazo |
| Manangona ny faritra mety hanaovana fambolenkazo | Mitsinjara ny toerana araka ny tanjona ametrahana ny fambolenkazo | Mandrindra ny fampiasana ny toerana araka ny drafimpampandroasoana eny @ faritra | Manao tantsoroka ara-teknika<br>Mamatsy ny masomboly na zanakazo hovolena | Afaka mamatsy masomboly voafantina ary manome toromarika amin'ny fampiasana izany |
| | | Manolotra ny toerana mety hanaovana taninjanakazo | Manampy ny Fokontany, Kaominina amin'ny fisafidianana ny toerana hamokarana zana-kazo | |

| Tompon'andraikitra / Asa | Vondron'olona ifotony | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny Kaominina |
|---|---|---|---|
| **Fanomanana ny tany sy ireo fitaovana ilaina** | Fanomezana tanana hikara-kara ny taninjanakazo<br>Fizarana ny traikefa anana-nan'ny VOI amin'ny fikara-karana ny toerana hanaovana ny fambolenkazo | -Manome ny olona hanao tanin-janakazo<br>-Manamarina ny asa vitan'ny mpamokatra zanakazo | Tompon'andraikitra voalohany<br>Miantoka ny fitaovana ilaina (FDL)...<br>Manao ny fandoavana ny kara-man'ny mpamokatra zana-kazo.<br>Mangataka fiaraha-miasa any amin'ny ministera momba ny fambolen-kazo |
| **Fizarana ny zana-kazo isaky ny Fokon-tany** | Mitatitra ny zanakazo amin'ny toerana hambolena azy.<br>Mandray ny zanankazo sy manamarina ny isa, ny karazany | | Mitsinjara ny zana-kazo isaky ny Fokontany<br>Manao ny PV sy mitazona izany |
| **FANATANTERAHANA ARA-TEKNIKA** | | | |
| **Fikolokoloana sy fanabeazana ny zana-kazo** | Fananganana ny tanin-janakazo<br>Famafazana masomboly na ambioka<br>Fanetsana ny zana-kazo<br>Fikolokoloana sy fanabeazana ny zana-kazo | | Miantsoroka ny fanaraha-maso ny mpamokatra zana-kazo |
| **Fambolena ny zana-kazo** | Manao ny lavaka<br>Manototra<br>Mamboly ny zana-kazo | | Miara-miasa amin'ny tekinisiana araka ny fifanarahana<br>Manentana sy mandrindra ny Fokonolona amin'ny fanatantera-hana ny asa rehetra |
| **Fikarakarana ny voly hazo** | Manosoka ny zana-kazo tsy vanona<br>Mikarakara ny hazo voavoly (fandratsanana, fanadiovana, fanaovana ny aro afo,...)<br>Manao tatitra mikasika ny fambolen-kazo<br>Manangana dina | | Anjaran'ny kaominina ny mana-ramaso<br>Mametraka olona hikarakara ny hazo voavoly (fandratsanana, fana-diovana, fanaovana ny aro afo,...)<br>Miaro amin'ny afo |
| **Fanaraha-maso ny fambolena** | Manara-maso ny fambolena mba tsy hisy trangan-javatra hanimba izany<br>Manaitra ny Kaominina raha misy zavatra miseho amin'ny fambolen-kazo | | Manara-maso amin'ny zavatra mety hanimba ny fambolen-kazo ny kaominina<br>Mamoaka didim-pitondrana Kao-minaly mametra ny fampiasana ny hazo |

| Distrika | Prefektiora | Faritra | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy ny Ala | SNGF |
|---|---|---|---|---|
| | | Manampy @ fan-doavana ny kara-man'ny mpamokatra zanakazo, | Manome toro-marika ara-teknika, Manampy ny Kaominina @ fano-manana ny tany sy ny fitaovana ilaina,<br>Manao tantsoroka ny mpamokatra zana-kazo, Manome fanofanana ny Fokontany sy ny Kaominina amin'ny teknika fambolena hazo | |
| | | | Manao tantsoroka ny Kaominina, Mandray ny tatitra avy @ Kaomi-nina sy mandravona izany | |
| **FANATANTERAHANA ARA-TEKNIKA** | | | | |
| Manangona ny statistika momba ny vokatra avy amin'ny taninjanakazo | Mampahafantatra ny sampandra-harahampanja-kana ny fisian'ny zanakazo | Mametraka ny lamina hahatomom-bana ny famokarana zanakazo | Manao fanaraha-maso ny fikara-kana ny zana-kazo<br>Manangona ny tatitra | Mpamokatra zana-kazo |
| | | | Manao tantsoroka @ fambolen-kazo (Didim-panjakana 200-383 Lohateny IV, Andininy 17, 26, 27) | |
| Mankato ny Dina | | | Manao tan-tsoroka<br>Mandray ny tatitra ary mandravona izany | |
| | | Manara-maso isan-taona sy manao tatitra | Mandray ny tatitra sy mandray ny andraikitra mifanaraka amin'ny za-va-misy, Mamoaka ny didy, Manao tantsoroka amin'ny fiarovana ny hazo nambolena | |

# FAMINDRAM-PITANTANANA IREO HARENA

1. **Famaritana:**

- Famindrana amin'ireo vondron'olona ifotony ny fitantana ny fahazoana miditra, ny fitehirizana, ny fitrandrahana ary ny fanomezan-danja/fanabeazam-boho ireo harena.
- Fitantanana mirindra ireo harena voa-janahary azo havaozina mba ho fanoitra enti-miady amin'ny fahantrana.
- Fifanarahana misy eo amin'ny fanjakana, ny kaominina ary ny vondron'olona ifotony.

3. **Olana mpitranga:**

- Tsy fifankazahoana amin'ny olona tsy ao anatin'ny VOI;
- Tsy araky ny VOI ny zavatra takiana aminy (fanarahana amin'ny antsipiriany ny bokin'andraikitra, olana ara-pitantanana ara-bola);
- Tsy fahatanterahana ny fifampifehezana anatiny VOI;
- Tsy fahampiana traikefa ara-tekinika sy tsy fahafehezana lalàna.
- Fidiran'ny olona avy any ivelany ao anatin'ny faritra tantanan'ny VOI

6. **Fizaran'andraikitra :**

| Tompon'andraikitra / Asa | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy zo aman'andraikitry ny Kaominina |
|---|---|---|
| **Fanentanana ny mponina amoron'ala amin'ny famindram-pitantanana** | Manamora ny fanantaterahana ny fanentanana ataon'ny Ministera sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy eny anivon'ny fokontany iadiadiany<br>Mampahafantatra ny maha-zavadehibe ny fitantanana ifotony | Mampiditra anaty drafitr'asa kôminaly ny asa famindram-pitantanana mba ho fitantanana maharitra ny ala<br>Mandray anjara araka izay azo atao amin'ny fanentanana<br>Mamoaka ny fanomezan-dalana ny fanentanana<br>Fanamarinana ny maha-ara-dalana ny sokajin'ny mpanentana<br>Mandray sy mampita amin'ny mpiasan'ny Ministera na ny mpiara-miombon'antoka aminy eny amin'ny Fokontany hahatanteraka ny asa fanentanana<br>Fanadihadiana ara-tsosialy sy ara-toe-karena (tan-tsoroka miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka) |
| **Fananganana ny Vondron'olona Ifotony** | Mankato ny antotan-taratasy fangatahana hanangana VOI ary mandefa izany eny anivon'ny kaomina | Manamarina ny maha ara-dalana ireo solon-tena mangataka<br>Fanomezan-dalana ara-panjakana ny fananganana ny VOI<br>Mametraka ara-panjakana ny fijoroan'ny vondron'olona ifotony (amin'ny fanasiana fitomboka sy fanasoniavana ny sata sy ny fitsipika anatiny) amin'ny alalàn'ny fanomezana «récepissé»<br>Mampita ny fangatahana hitantana ny harena voajanahary any amin'ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny Ala<br>Mampiato ny fananganana ny VOI raha misy fepetra tsy voaaraka |
| **Fanaovana fangatahana hanao ny famindram-pitantanana** | Mankato ny taratasy fangatahana hanao famindram-pitantanana ny harena voajanahary ary mampita izany any amin'ny fahefana mahefa ambony | Manamarina sao efa misy fangatahana hafa efa mipetraka momba ny harena voajanahary angatahina amin'ny alalan'ny kaomisionina mpanadihady voatendrin'ny filan-kevitry ny Kaominina<br>Manohana ny fangatahana raha mahita tsy fahatomombanana eo amin'ny fepetra tokony narahina rehetra<br>Mampita ny fangatahana raha ohatra ka tsy manana olana ny kaomina amin'ilay fangatahana<br>Manapa-kevitra farany (eny na tsia) mikasika ny mety ho tohin'ny fangatahana amin'ny fivorian'ny Filan-kevitry ny kaomina<br>Manome toro-lalana sy ny fepetra takiana amin'ny VOI |
| **Fijerena ifotony ary famaritana ny ala hafindra fitantanana** | Manampy ny mpiasan'ny Ministera misahana ny ala sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy amin'ny fijerena ifotony ny toerana misy ny ala na ny harena voajanahary hafa nanaovana fangatahana | Manampy ny mpiasan'ny Ministera misahana ny ala sy ireo mpiara-miombona antoka aminy amin'ny fijerena ifotony ny toerana misy ny ala na ny harena voajanahary nanaovana fangatahana<br>Fankatoavana eo anivon'ny Mpanolotsaina Kaominaly |
| **Fanaovana fanadihadiana ny ala amin'ny alalan'ny fanisàna ny harena voajanahary (inventaire forestier)** | Afaka mandray anjara amin'ny fanisàna miaraka amin'ny mpiasan'ny ministera misahana ny ala sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy araka ny fahafahany<br>Mitari-dalana ny mpanao fanisana | Mamantatra ny harena voajanahary eo an-toerana amin'ny fanampiana ny mpiasan'ny Ministera misahana ny Tontolo iainana sy ny ala<br>Manao fanadihadiana sy mandefa tatitra alefa any amin'ny STD raha misy ireo miditra tsy mahazo alalana ao anaty ala na harena hafa nanaovana fanisàna |

**2. Tanjona:**

Fampandraisana andraikitra ifotony mba hisian'ny fitantanana maharitra ireo harena voajanahary sy mba ho fanoitra amin'ny fampandrosoana mahomby.

**4. Lafiny ara-lalàna sy fitsipika:**

- Ny lalàna lah 96-025 tamin'ny 30/09/96 mikasika ny fitantanana eny an-toerana ny loharanon-karena voajanahary mety havaozina;
- Didim-panjakana fampiarana 2000-027 tamin'ny 13/01/00 mikasika ny Vondron'Olona Ifotony (VOI) miandraikitra ny fitantanana eny an-toerana ny loharanon-karena voajanahary mety havaozina;
- Ny Didim-panjakana lah 2001-122 tamin'ny 14/02/01 amaritana ny fepetra fampandehanana ny fitantanana nanaovana fifanekena momba ny alam-panjakana.

| Distrikta | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny faritra | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy ny Ala | Andinin-dalàna |
|---|---|---|---|
| | | Mamolavola ny fomba rehetra hoentina manatanteraka ny fanentanana eny anivon'ny kaomina sy ny fokontany ary ny mponina manakaiky ny ala | |
| | | Mankato ny antotan-taratasy rehetra Manampy amin'ny fananganana | Didim-panjakana 2000-027 |
| | | Manampy ny VOI tafatsangana amin'ny fombafomba fangatahana famindram-pitantanana<br>Mankato ny taratasy fangatahana raha mifanaraka amin'ny fepetra takiana mahakasika ny famindram-pitantanana | Lalàna laharana faha 96-025 (paik'ady arahina amin'ny famindram-pitantanana) |
| | | Manatanteraka ny famaritana ny ala hanaovana famindram-pitantanana | |
| | | Manatanteraka ny fanisàna ny harena voajanahary hanaovana famindram-pitantanana | |

| Asa / Tompon'andraikitra | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy zo aman'andraikitry ny Kaominina |
|---|---|---|
| **Fitsinjarazaràna ny faritr'ala na ny harena voajanahary hafa afindra fitantanana araka ny tanjona tiana hapetraka vokatry ny fanadihadiana natao azy** | Manampy ny mpiasan'ny Ministera misahana ny ala amin'ny fizarazarana ny ala araka ny tanjona sy ny ho fampiasana azy (sous zonage) | Fanekena ny famaritana ny ala |
| **Fanaovana drafi-panajariana sy fitantanana** | Manampy ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny Ala ary ny VOI amin'ny fanaovana ny drafi-panajariana sy fitantantana ary ny drafitr'asa isan-taona mba ho drafitra nifanarahana no mivoaka | Manampy ny VOI amin'ny fanaovana ny drafi-panajariana sy fitantanana ary ny drafitr'asa isan-taona mba ho drafitra nifanarahana no mivoaka mba hahamaritoerana azy |
| **Fanaovana ny Bokin'andraikitra** | Manampy ny VOI amin'ny hevitra mba hahatsara ny boky | Manampy ny VOI amin'ny hevitra mba hahatsara ny boky |
| **Fandrafetana ny Dina ifampifehezana** | Mandray anjara amin'ny fanomezana hevitra araka ny fahafahany | Mijery ifotony ny fototra iorenan'ny dina sao misy tsy manaraka ny lalàna<br>Manao «visa» ny Dina ny ben'ny tanana vao azo tanterahina |
| **Fanaovan-tsonia sy fanambarana ampahibemaso ny fifanekena hamindra fitantanana** | Fandraisana anjara amin'ny fanambarana ampahibemaso | Manao sonia ny fifanarahana famindram-pitantanana<br>Fandraisana anjara ary miantso ny olo-mana-kaja heverina fa tokony hanatrika izany |
| **Fanaraha-maso ny fanatanterahana ny asa voarakitra ao amin'ny drafi-panajariana sy ny drafitr'asa isan-taona** | | Manentana ny VOI amin'ny fanaraha-penitra amin'ny fantanterahana ny drafi-panajariana sy fitantanana ary ny drafitr'asa isan-taona |
| **Fampiharana ny Dina** | | Mamaha ny olana misy eny anivon'ny VOI amin'ny alalan'ny Filohan'ny filan-kevitry ny kaomina<br>Mampihatra ny lalàna ao amin'ny kaominina mikasika ny famindram-pitantanana (Dina, didim-pitondrana Kaominaly sy didim-pitondran'ny faritra.<br>Mampahafantatra ny fisian'ny Dina |
| **Fanatanterahana ny amin'ny asa famokarana sy fitanterana ary famarotana ny hazo** | Manampy ny VOI amin'ny fanaovana ny taratasy fangatahana alalana hanapaka hazo<br>Mankato ny fangatahana hanapaka hazo alefa any amin'ny ben'ny ala<br>Manampy ny ben'ny ala amin'ny fandraisana ny vokatra mivoaka ny ala<br>Manara-maso ny vokatra mivoaka ary afaka manao tatitra (any amin'ny kaomina) raha ilaina izany | Mametra ny haba tokony hotakiana amin'ny alalan'ny fanapaha-kevitry ny Mpanolon-tsaina (tamberim-bidy)<br>Manao didim-pitondrana araka ny lalàna misy mba handaniana ny tamberim-bidy alaina amin'ny vokatry ny ala na ny harena voajanahary hafa mivoaka ny kaomina ary ny habantsena amin'izay miakatra eo an-tsena<br>Manasazy ireo izay tsy manaja ny didim-pitondrana |
| **Fizohina sy tomban'ezaka** | Miaraka amin'ireo sampandraharaha ara-teknika amin'ny fanatanterahana ny asany | Miaraka amin'ireo sampandraharaha ara-teknika amin'ny fanatanterahana ny asany ary maneho ny fomba fijeriny<br>Mandamina ny olana misy eo an-toerana ary raha tsy voavaha dia mandray fepetra mifanaraka amin'izany amin'ny alalan'ny tatitra |
| **Fanaraha-maso (contrôle)** | Mampandre ny kaominina raha misy tsy fanarahan-dalàna mitranga | Mampahafantatra ny tompon'andraikitra raha misy fandikandalàna amin'ny alalan'ny tatitra |

| Distrika | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny faritra | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy ny Ala | Andinin-dalàna |
|---|---|---|---|
| | | Mamariparitra ny faritra afindra fitantanana araka ny tanjona sy ny tokony hampiasàna azy izay hifanarahana amin'ny VOI | |
| | | Mamolavola ny drafi-panajariana miaraka amin'ny VOI hitantana ary mankato izany mba ho azo ampiharina | |
| | | Manome torohevitra ny VOI amin'ny fanaovana ny Bokin'andraikitra | |
| Fandrafetana ny dina ho lalàna manan-kery ary mandefa izany eny @ tribonaly | | Manampy amin'ny fandrafetana ny Dina | Didim-panjakana 2000-027 andininy faha 18 |
| Manatrika ny fanambarana ampahibemaso | Manatrika ny fanambarana ampahibemaso | Manao sonia ny fifanarahana famindram-pitantanana<br>Manatrika nyfanambarana ampahibemaso | |
| | Mampiasa ny hery eo ampelatanany raha misy ilàna izany amin'ny tsy fanarahan-dalàna mihoa-pefy | Manatanteraka ny fizohina sy ny fanaraha-maso araka ny drafitra isantaona napetraka<br>Manampy ara-kevitra | |
| Mamaha ny olana raha tsy voavaha eo anivon'ny Kaominina<br>Manao ny fitsarana amin'ny alalàn'ny Tribonaly ny fandikan-dalàna araka ny lalàna manankery | Mampihatra ny lalàna ao amin'ny faritra (didim-pitondran'ny faritra) | Manara-maso ny fampiharana | Didim-pitondrana Kaominaly, filan-kevitra kaominaly; didim-pitondran'ny Faritra. |
| Mitsara ny fandikan-dalàna misy araka ny fampakarana ataon'ny Sampandraharaha misahana ny ala | Mampiasa ny hery eo ampelatanany raha misy ilàna izany amin'ny tsy fanarahan-dalàna mihoa-pefy | Manara-maso ny fifanarahana amin'ny fanapahana ny drafi-panajariana sy drafitr'asa<br>Manisy marika ny hazo<br>Manome ny fahazoan-dalana hikapa<br>Mandray ny vokatra (réception)<br>Manome ny fahazoan-dalana hitatitra | Filan-kevitra Kaominaly |
| | | Manao ny fizohina sy ny tomban'ezaka | |
| | | Manao ny fanaraha-maso<br>Mandray ny fepetra raha misy ny tsy fanarahan-dalàna | |

**1. Famaritana:**

Asa atao mba ahazoana mampiasa sy manome lanja ireo harena voajanahary hita ao anaty ala.

**3. Olana mpitranga:**

**a. Fitrandrahana vokatra hazo:**

- Tsy fanarahan-dalàna eo amin'ny fitrandrahana;
- Tsy matihaninany ankamaroan'ny mpitrandraka ala fa izay tsy manana asa dia mirona any avokoa;
- Betsaka loatra ny fitrandrahana antsokosoko ka tsy manaja ny fepetra takiana amin'ny fitrandrahana ala
  Tsy ampy ny fanomezan-dalana hitrandraka nefa mitombo ny filàna ny vokatra
- Tsy tafapetraka ireo drafi-panajariana amin'ny toerana midadasika tokony handaminana ny fitrandrahana;
- Tsy fanajana ny lalàna manan-kery.
- Tsy fampiharana ny sazy amin'ireo izay tratra manao ny tsy mety
- Vitsy ny matihanina mivondrona anaty fikambanana miady amin'ireo tsy ara-dalàna

**b. PFNL :**

- Betsaka ireo manangom-bokatra tsy ara-dalana mamatsy ireo manana fazahoandalana;
- Mitombo ireo alambika miorina anaty ala tsy nahazo alalana ka mahasarotra ny fanaraha-maso ny vokatra mivoaka
- Tsy voahaja ny isa nazahoana alalana amin'ireo mpanangona biby
- Mitombo ny fitrandrahana ny biby arovana sy ny fanondranana antsokosoko noho ny vidiny ambony

**5. Dikan'ny fanafohezan-teny :**

**KASTI : Komitin'ny Ala sy ny Tontolo Iainana** .
**CITES :** Fifanarahana iraisam-pirenena momban'ny famarotana karazan-java-maniry na karazam-bibidia mety ho lany tamingana.
**PCD :** Drafitr'asa Kaominaly momba ny fampandrosoana.
**PFNL :** Vokatry ny ala ankoatry ny hazo



**6. Fizaran'andraikitra**

## a. Fitrandrahana ny hazo ao an'ala

| Tompon'andraikitra / Asa | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy zo aman'andraikitry ny Kaominina |
|---|---|---|
| **Fampafahantarana ny fanentanana ifotony ny amin'ny fanaovana sy fitrandrahana ala** | Mampilaza ny manodidina ao anaty Fokontany ny amin'ny fisian'ny tolo-bidy ao anatin'ny Fokontany | Mampiditra ao anaty drafitr'asan'ny Kaominina (PCD) ny fitantanana ny harena voajanahary amin'ny fomba ôfisialy ny mpiasa Ministera tonga manatanteraka ny asany amin'ny fampafahantarana sy fanentanana |
| **Fanadihadiana ara-tsôsialy sy toe-karena** | Mitarika ny mpanao fanadihadiana amin'ny tokantrano tokony anaovany izany | Manamora ny fanadihadiana amin'ny fanampiana ny mpiasan'ny Ministera |

**2. Tanjona:**

Hisian'ny fitrandrahana manara-penitra sy mirindra ka hisy vokany tsara eo amin'ny fampandrosoana sy ny fitantanana ny harena voajanahary

**4. Lafiny ara-lalàna sy fitsipika:**

**a. Fitrandrahana ny hazo ao an'ala:**

- Lalàna laharana faha 97/017 mikasika ny famerenana ny lalàna mikasika ny ala;
- Didim-panjaka laharana faha 89-782 tamin'ny 16 septambra 1998 natokana ho an'ny fitrandrahana ny ala;
- Didim-pitondrana laharana faha 13.855/2001 tamin'ny 13 novambra 2001 mikasika ny fampiharana ny didim-panjakana 98.782 manodidina ny fitrandrahana ala, mikasika ny fankatoavana ny bokin'andraikitra amin'ny ankapobeny izay mifandray amin'ny fahazoan-dàlana tamin'ny tolo-barotra (par voie d'Adjudication).
- Fanomanana ny lalàna mahakasika ny fametrahana ny KoloAla

**b. PFNL:**

- Lalàna 2005-018 tamin'ny 17 Octobra 2005 mikasika ny varotra iraisam-pirenena karazam-biby sy zava-maniry;
- Lalàna 71-006 tamin'ny 30 jiona 1971 mikasika ny zon'ny fivoahan'ny biby sy ny orchidées;
- Didim-panjakana 69-085 tamin'ny 25 febroary 1969;
- Didim-pitondrana 2023/1959;
- Didim-pitondrana 2006-400 mikasika ny fanasokajiana ny karazam-biby; anaty ala ho biby voaaro, mpanimba/mpanelingelina na biby azo hazaina (nuisibles et gibiers);
- Didim-panjakana 77 276 tamin'ny 26 aogositra 1977 : famoahana ny tovana nasia-panitsian'ny CITES (biby sy zavaboaary an'ala);
- Fifanaraham-panangonana (Convention de collecte).





| Distrika | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny faritra | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy ny Ala | Andinin-dalàna |
|---|---|---|---|
| | Mandray anjara feno sy mamoaka ny didim-pitondrana mifanaraka amin'izany amin'ny «zonage forestier» izay amaritana ny faritra azo trandrahana | Manentana ny mpiara-miombon'antoka rehetra amin'ny fampidirana anaty drafitr'asa ny fitantanana ny harena voajanahary<br>Tompon'andraikitra voalohany amin'ny asa rehetra fanentanana amin'ny fametrahana ny faritra atao KoloAla sy hanaovana tolo-bidy @ fitrandrahana ary mampiditra izany ao amin'ny PRD | |
| | Mandray amin'ny fomba ôfisialy ny mpanantanteraka ny asa fanadihadiana | Manatanteraka miaraka amin'ny mpiara-miombon'antoka ny asa fanadihadiana | |

| Asa / Tompon'andraikitra | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy zo aman'andraikitry ny Kaominina |
|---|---|---|
| **Fijerena ny faritra hotrandrahana** | Manampy ny teknisiana amin'ny fitaritana eny antoerana | Manampy sy manamora ny fidinana ifotony ataon'ny mpiasan'ny Ministera |
| **Fijerena ny harena voajanahary amin'ny alalan'ny fanisana (inventaire forestier)** | Manampy ny mpiasan'ny Ministera amin'ny asa fijerena ny faritra hanaovana fitrandrahana | Manampy ny mpiasan'ny Ministera amin'ny famaritana ny ala ho trandrahana sy fanisana ny hazo matoy tokony ho kapaina |
| **Fametrahana ny vidiny farafahakeliny (prix plancher)** | | |
| **Fanaovana ny fangatahana tolo-bidy** | Manao ny peta-drindrina | Manao ny peta-drindrina |
| **Fanokafana ny tolo-bidy azo** | | Mandray anjara amin'ny «cellule d'adjudication» |
| **Fampafahantarana ny nahazo ny tolobidy** | Mandray ny mpitrandraka rehefa tonga hanatanteraka ny asa fitrandrahana (Notification) | |
| **Fanaovan'ny mpitrandraka asa ny drafitr'asa** | Mandray anjara araka ny filàn'ny Fokontany | Mandray anjara araka ny filàn'ny Kaomina |
| **Fanatanterahana ny drafitr'asa (mpitrandraka)** | Manara-maso ny mpitrandraka amin'ny fanatanterahana ny drafitr'asa izay miantraika amin'ny mponina (sôsialy sy foto-drafitr'asa) | |
| **Famoahana ny vokatra** | Manara-maso ny nihavian'ny vokatra avoaka | Maka ny tamberim-bidy raha mivoaka ny Kaomina ny vokatra amin'ny alalan'ny fanapaha-kevitry ny Mpanolontsaina Kaominaly<br>Mampihatra ny didim-pitondrana mikasika ny tamberim-bidy avy amin'ny ala sy ny harena voajanahary hafa<br>Mampandre ny ben'ny ala raha misy tsy fanarahan-dalàna ataon'ny mpitrandraka |
| | | **FANAPAHANA HAZO AN'NY VONDROM-** |
| **Fitrandrahana** | Manamarina ny fangatahana hitrandraka | Manao tatitra ny asa fikapàna sy fanajariana natao<br>Mampahafantatra ny fahazoan-dalana amin'izay mahazo izany raha an'ny Kaomina ny harena voajanahary |
| | | **FAHAZOAN-DALANA HANAPAKA HAZO** |
| **Fanapahana** | Manamarina ny antontantaratasy maha an'olontokana ny tany sy ny voly zaho eo aminy | Manamarina ny antontan-taratasy maha an'olotokana ny tany sy ny voly hazo eo aminy<br>Mijery sy manamarina ny fahazoan-dalana hikapa sy hitatitra vokatra avy amin'ny sampandraharahan'ny Ala<br>Mampihatra ny fanapahan-kevitry ny Filankevitra nolaniana mikasika ny fahazoandalana hanapaka sy ny fakana ny tambe- rim-bidy |

| Distrika | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny faritra | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy ny Ala | Andinin-dalàna |
|---|---|---|---|
| | Mampiditra ireo faritr'ala natokana hanaovana fitrandrahana anty KoloAla sy ny drafim-pampandrosoan'ny faritra<br>Mampiantso ny sampan-draharaha misahana ny Ala mba hampihatra ny didim-pitondrana mametraka ny «zonage forestier» | Mamaritra ny toerana hanaovana KoloAla<br>Mamaritra ny toerana azo trandrahina sy anaovana tolo-bidy | Didim-pitondran'ny Faritra momban'ny zonage forestier<br>Didimpanjakana mametra ny KoloAla |
| | | Manatontosa ny fanisana | |
| | Mametraka ny filan'ny faritra (asa sosialy sy famatsiana ny vokatry ny ala) | Manao ny kajikajy rehetra ahafahana mamantatra ny saran'ala fara-fahakeliny | |
| Manao ny peta-drindrina | Manao ny peta-drindrina | Manomana sy manaparitaka ny antontantaratasy rehetra momba ny tolo-bidy | |
| Mandray anjara amin'ny «cellule d'adjudication» raha mahazo fahefana avy amin'ny Faritra | Mampiantso ny «cellule d'adjudication» | Manatanteraka ny fanokafana ny tolo-bidy miaraka ao anatin'ny «cellule d'adjudication»<br>Manao ny fitanana an-tsorantra ny valin'ny fanokafana ny tolo-bidy | |
| | Mandray ny mpitrandraka voafidy hiasa ao amin'ny faritra | Mampahafantatra ny olona hitrandraka araka ny vokatry ny fanadihadiana<br>Manome ny fahazoan-dalana hitrandraka | |
| | | Mankato ny drafitr'asa | |
| Fitsarana ny fandikandalàna amin'ny alalan'ny tribonaly araka ny fanenjehana ataon'ny sampan-drahara misahana ny ala | Mampiantso ny sampan-draharaha misahana ny Ala mangataka fanazavana raha misy ilàna izany amin'ny maha lehiben'ny fitatanan-draharaham-panjakana azy eny anivon'ny Faritra | Manara-maso manao fizohina ny fanatanterahana ny voalazan'ny drafitr'asa | |
| | Mampiantso ny ben'ny ala raha mahatsapa tsy fanarahan-dalàna ataon'ny mpitrandraka | Manisa ny vokatra avoaka araka ny karazany<br>Manamarina ny vokatra @ alalan'ny fanombohana maritoa<br>Manome ny fahazoan-dalana hitatitra | Didim-pitondrana Kaominaly<br>Didim-pitondran'ny Ministera 13 855 |
| **PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA** | | | |
| | Mampahafantatra ny fahazoan-dalana amin'izay mahazo izany raha an'ny faritra ny harena voajanahary | Manome ny fahazoan-dalana hanapaka ala sy mampiato izany raha misy tsy fanarahan-dalàna<br>Manara-maso sy manamarina ny fihavian'ny vokatra taterina<br>Manao ny asa fanenjehana raha misy tsy fanarahan-dalàna | Didim-panjakana 98 782<br>toko faha III |
| **AMIN'NY ALALAN'OLON-TSOTRA** | | | |
| | | Manome ny fahazoan-dalana hanapaka,<br>Mampiato ny fanapahana raha hita ho misy fiantraikany amin'ny tontolo iainana<br>Manara-maso sy manamarina ny fihavian'ny vokatra taterina<br>Manao ny asa fanenjehana raha misy tsy fanarahan-dalàna | Didim-panjakana 98 782<br>Toko faha IV,<br>Didim-pitondrana Kaominaly |

b. **PNFL:**

| Tompon'andraikitra / Asa | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy zo aman'andraikitry ny Kaominina |
|---|---|---|
| **Fanaovana fangatahana ala-lana hanangona vokatra ao anaty ala** | Mankato ny fangatahana | Mankato ny fangatahana |
| **Fanatanterahana ny voalazan'ny «convention de collecte»** | Manara-maso ny vokatra avoakan'ireo manana fazahoan-da-lana hanangona vokatra ao anaty ala<br>Mijery ny antontan-ta-ratasy entin'ireo mpa-nangom-bokatra | Manara-maso ny olona manangona eo anivon'ny Kaomi-nina raha manana convention ara-dalàna<br>Mijery ny maha ara-dalàna ny fahazoan-da-lana hanangona (autorisation de collecte)<br>Manara-maso ny voalaza anaty fifanarahana ny amin'ny vokatra hangonina raha mifanaraka amin'ny fahazoan-da-lana ny karazany sy ny isany na ny habetsahany<br>Manara-maso eo ampandalovana ny Kaomina ny taratasy fahazoan-dalana mitatitra<br>Maka tamberim-bidy amin'ny vokatra avoaka ny faritry ny Kaomina<br>Mampihatra ny didim-pitondrana amin'ny fandraisana ny tamberim-bidy<br>Manara-maso ny fanatanterahana ny fambolen-kazo ataon'ny tompon'ny «convention de collecte»<br>Miara-miasa amin'ny KASTI amin'ny fanatanterahana ny asa |
| **CITES / karazan-javamaniry (Tovana I)** | | |
| **Fanaovana fangatahana «agrément» « création centre horticole» raha ilaina** | Mankato ny fangatahana | Mankato ny fangatahana |
| **Fanaovana ny fangatahana hanangona** | Mankato ny fangatahana | Mankato ny fangatahana |
| **Fanatanterahana ny asa** | | Manara-maso ny antotan-taratasy ananan'ny mpandraha-raha<br>Mampihatra ny didim-pitondrana amin'ny fandraisana ny tamberim-bidy<br>Manao tatitra any amin'ny sampandraharahan'ny ala raha misy tsy fanarahan-dalàna<br>Mampihatra ny didim-pitondrana amin'ny fandraisana ny tamberim-bidy |
| **CITES / karazam-biby (Tovana II)** | | |
| **Fanaovana fangatahana «agrément» hanangana «centre de passage»** | Mankato ny fangatahana | Mankato ny fangatahana |
| **Fanaovana ny fangatahana hanangona** | Mankato ny fangatahana | Mankato ny fangatahana |
| **Fanatanterahana ny asa** | | Manara-maso ny antota-taratasy ananan'ny mpandraharaha<br>Mampihatra ny didim-pitondrana amin'ny fandraisana ny tamberim-bidy |

| Distrikta | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny faritra | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy ny Ala | Andinin-dalàna |
|---|---|---|---|
| Mankato ny fanga- tahana raha lehibe ilay harena voajanahary ho- trandrahana (mahasahana kaominina maro) | | tsiaMandinika ny fangatahana (étude dossier)<br>Mamoaka ny fifanarahana hanangona vokatra ao anaty ala | |
| | Manangona ny tamberimbidy raha mivoaka ny faritra ny vokatra<br>Mampihatra ny didimpitondrana amin'ny fandraisana tamberimbidy raha mivoaka ny faritra ny vokatra | Mampahafantatra ny tompon'andraikitra ny manana fifanarahana (liste conventionnaire)<br>Maka ny hevitry ny «Autorité Scientifiq ue»<br>Manao fizohina ny fanatanterahana ny asa voafaritra rehetra ao anatin'ny fifanarahana (convention)<br>Manaraka ny fomba hanatanterahana ny fizohina (système de suivi) ny fambolenkazo tokony atao | |
| **CITES / karazan-javamaniry (Tovana I)** | | | |
| | | Manome ny fahazahoan-dalana hanangana ny ivontoerana fitehirizana ny zavamaniry | |
| | | Mitsidika ny ivontoerana mijery ny fotodra- fitr'asa sy ny tahiry<br>Mamaritra ny fetranisa miaraka amin'ny «autorité scientifique» | |
| | Manangona ny tamberimbidy raha mivoaka ny faritra ny vokatra<br>Mampihatra ny didimpitondrana amin'ny fandraisana tamberimbidy raha mivoaka ny faritra ny vokatra | Manome ny fazahoandalana hanangona (auto- risation de collecte) aorian'ny fitsidihina ny ivotoerana<br>Mamoaka ny fahafahana manondrana sy manara-maso ny fanajana ny fetranisa nazahoana alalana | |
| **CITES / karazam-biby (Tovana II)** | | | |
| | | Manome ny fahazahoan-dalana hananganana ny ivontoerana fanagonana biby<br>Mitsidika ny ivontoerana sy mijery ny fenitra tokony hajaina | |
| | | «autorité scientifique»<br>Mamaritra ny fetranisa azo alaina miaraka @ «autorité scientifique» | |
| | Manangona ny tamberimbidy raha mivoaka ny faritra ny vokatra<br>Mampihatra ny didimpitondrana amin'ny fandraisana tamberimbidy raha mivoaka ny faritra ny vokatra | Mamoaka ny fahafahana manondrana sy manara-maso ny fanajana ny «quota» | |

**1. Famaritana:**

Ny fanaraha-maso ny ala dia fitambaran'ny asa atao manomboka amin'ny fisafoana ny ala, ny fijerena ny fazahoan-dalana samihafa, ny fitondrana ny entana eny amin'ny lalana ka hatrany @ toeram-panodianana sy fivarotana ny vokatra mbola tsy voahodina.


**3. Olana mpitranga:**

- **Fitrandrahana tsy ara-dalana ataon'ny olontsotra**
- **Famoahana vokatra atsokosoko amin'ny fotoana tsy azo anaovana izany**
- **Firaisana tsikombakomba eo amin'ny manampahefana @ fitaterana vokatra tsy ara-dalàna**
- **Tsy fandraisana andraikitra eo anivon'ny fitondram-panjakana amin'ny fanasaziana ny meloka**
- **Tsy firindrana eo amin'ny samy tomponandraikim-panjakana**

**5. Dikan'ny fanafohezan-teny :**

**VOI: Vondron'Olona Ifotony**






2. **Tanjona:**

- Faharetan'ny vokatra avy @ amin'ny ala ho lovainjafy
- Fampiasana maharitra ny ala ho loharano azo havaozina ary miteraka tombotsoa ho an'ny mponina eto Madagasikara
- Fanarahan-dalana eo amin'ny asa fitrandrahana sy fiarovana ny Ala
- Fametrahana lamina maty paika hisian'ny fanjakana tsara tantana

4. **Lafiny ara-lalàna sy fitsipika:**

- **Lalàna 2001-005 tamin'ny 11/02/03 mahakasika ny tsy fanarahan-dalana anaty faritra arovna**
- **Lalàna 2005-018 tamin'ny 17/10/05 mikasika ny fihazana tsy nazahoana alalana**
- **Didimpanjakana laharana 98.782 tamin'ny 16/09/1998 mahakasika ny fitrandrahana Ala**
- **Didim-pitondrana laharana 5139/94 tamin'ny 15/11/94**
- **Didy hitsivola 60-127 mametra ny sazy @ tsy fanaraha-dalana @ fitrandrahana sy fitondrana vokatry ny ala tsy ara-dalàna**
- **Didy hitsivola 60-126**
- **Didy hitsivilana 76-030 mikasika ny toetra mampitombo heloka**






6. **Fizaran'andraikitra**

| Tompon'andraikitra / Asa | VOI | Fokontany | Kaominina | Distrika |
|---|---|---|---|---|
| **Fanaraha-maso ny ala** | Fisafoana ala<br>Fanaovana tatitra | Mampandre ny sampandraharahan'ny Ala raha misy tranga mampiahiahy | Manamarina ny tatitra | |
| **Fanaraha-maso ny fintantanana ny ala** | Fanaona fanjohiana ny drafi-panajarina | Fizahana ny fivoaran'ny faritr'Ala ao anaty fokontany | Fijerena ny fivoaran'ny faritr'ala ao anatin'ny kamonina | Fanaraha-maso ny fampiasana ny Ala ao antin'ny distrika |
| **Fanaraha-maso ny mpitrandraka** | Fakana fazahoan-dalana hitrandraka ao anatin'ny faritra tantanan'ny VOI | Fanamarinana ny taratasy fazahoan-dalana hitrandraka | Fanisana ireo mpitrandraka nahazo alalana sy fanamarinana ny taratasy mahakasika izany | |
| **Fanaraha-maso ny fivezivezen'ny vokatra** | Fanaovana fisafoana<br>Fitanana vonjimaika ny vokatra tsy ara-dalàna<br>Fampandrenesana haingana ny manampahefana isantokajiny | Fampitana ny vaovao @ ambaratongam-pahefana sy ny sampandraharaha misahana ny Ala<br>Manamarina ny fandalovan'ny vokatra sy ny fivoahany ao @ fokontany | Manamarina ny fisian'ny vokatra tsy ara-dalàna mivezivezy ao anatin'ny Kaominina<br>Manao ny fanakana-dalana @ fivoahana ao @ kaominina | Manao ny fanakanadalana raha misy tranga mapiahiahy |
| **Fanaraha-maso ny tahiry** | Manao tatitra ny tahirim-bokatra ao anaty fitehirizana | Manamarina ny tahirimbokatra | Mandray ny tatitra avy @ Fokontany | Mandray ny tatitra avy @ kaominina |
| **Fanaraha-maso ny orinasa mpanodina votry ny ala sy toeram-pivarotana hazo** | | Manaramaso ny isan'ny mpitrandraka aradalana ao anatin'ny fokontany | Manome alalana ny fitsanganan'ireo orinasa mpanodina vokatry ny ala | |
| **Fivarotana ny vokatra nogiazana** | Mandray ny anjaran'ny mpanome vaovao | Mandray ny anjaran'ny mpanome vaovao raha voakasika | Maka ny tamberimbidy ho an'ny kaominina | Mandray anjara ao anatin'ny commission forestière raha nahazo alalana |

| Prefektiora | Faritra | Sampandraharaha miahy ny ala | Tribonaly |
|---|---|---|---|
| | | Mandray ny tatitra<br>Mijery ifotony raha misy ilana izany | |
| Fampifandraisana ireo sampandraharaha rehetra mahakasika ny fitantanana ala | Fanaraha-maso ny fanantera-hana ny voalazan'ny PRD | Fandraisana ny tatitra avy amin'ny mpitantana nahazo alalana<br>Fidinana ifotony raha ilaina | |
| Fanaraha-maso ny bokin'andraikitry ny mpitrandraka mikasika ny asa sosialy | Fanangonana ny tamberim-bidy | Fanamarinana ireo fazahoan-dalana hitrandraka sy hitondra vokatra<br>Fijerena ny tahiry sy ny vokatra tavela<br>Fanamarinana ifotony ny hazo tapaka<br>Fanaovana tombanezaka amin'ny fitrandrahana vita | |
| Manome baiko ny mpitan-dro ny filaminana hiara-miasa @ sampandraha-raha misahana ny ala | Mijery sy manamarina ny antontan-taratasy momba ny vokatra mivezivezy ao antin'ny faritra<br>Maka ny tamberimbidy vofetran'ny Faritra | Manamarina ny fihavian'ny vokatra mivezivezy, ny karazany sy ny isany araka ny fazahoan-dalana,<br>Mitazona ny vokatra tsy ara-dalàna<br>Manao ny fandihadiana sy ny fitanana an-tsoratra rehetra<br>Mitondra ny famintinana eny anivon'ny tribonaly | Mamoaka ny didy fanasazina na fampisamborana farany |
| | | Fanamarinana ny tahiry<br>Fanomezana alalana hamoaka ny vokatra tahiry<br>Fanagiazana ny tahiry tsy ara-dalàna | Fanomezana alalana hivarotra ny vokatra voageja<br>Fanomezana alalana hisava trano na toerana mampiahiahy |
| | | Fanamarinana ny taratasy niha-vain'ny vokatra ahodina<br>Fijerena ny fazahoandalana hanangana ny orinasa | |
| Mampiantso ny commis-sion forestière hanokatra ny tolo-bidy<br>Mitarika ny fanokafana ny tolo-bidy | Maka ny tamberimbidy ho an'ny faritra | Manao ny tolo-bidy<br>Mampahafantatra izay nahazo ny tolobidy<br>Mizara ireo ampahany ho an'ny mpanome vaovao sy ny mpanao fitanana antsoratra<br>Manome ny taratasy hitondrana ny vokatra | |

**1. Famaritana:**

**• Tevy ala :**

Ny asa rehetra atao hahafahana mamboly eo amin'ny tany izay voarakotra ala ka hikapana ny zavamaniry amboniny arahina afo na tsia.

**• Doro afon-javamaniry:**

- Ny doro afo-pambolena sy afo-panadiovana: afo natao handoroana zavamaniry tsy matevina, mandrakotra ny tanimboly, efa voafaritra tsara ary nasiana aro afo manodidina na ho fananganana foto-drafitr'asa sôsialy sy ara-toe-karena, ka nazahoana alalana ny fanatanterahana azy.
- Ny doro afo-kijana :fanavaozana ny fitsirin'ny vilona eny @ toerana firaofan'ny omby amin'ny alalan'ny afo , fampiasan'ireo mpiompy
- Ny doro tanety: afo izay tsy voafehy ka mihanaka amin'ny zavamaniry na toerana hafa, ary tsy misy ilaina izany ara-toe-karena.

**3. Olana mpitranga:**

- Tsy fandraisana andraikitra eo @ manampahefana isanambaratongany sy ny olompirenena tsirairay;
- Tsy fampiharana lalàna @ ireo tratra manao fahadisoana
- Olana ara-politika mampiseho tsy fahafaliana
- Fahasarotan'ny fikarohana ny nahavita ny heloka noho ny tahotra ny fiarahamonina;
- Sarotra fehezina ny tsy fanatanterahana ireo paikady iarovana @ afo
- Ny tsy fisian'ny fandriampahalemana ka ny afo no ampiasain'ny mpanao ratsy mba handrebirebena ny sain'ny olona;
- Tsy ampy ny fitaovana ampiasaina amin'ny famonoana afo;
- Ny olana ara-toetany dia manampy ihany koa amin'ny tsy fahafehezana ny afo

**5. Dikan'ny fanafohezan-teny:**

**VNA:** Vaomieran'Ny Afo
**KASTI: Komitin'ny Ala sy ny Tontolo Iainana**
**KMDT:** Komity Miady amin'ny Doro Tanety.
**PRD:** Drafitr'asam-paritra momban'ny fampandrosoana.

**6. Fizaran'andraikitra**

| Tompon'andraikitra / Asa | Vondron'Olona Ifotony | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny Kaominina |
|---|---|---|---|
| **FISOROHANA** | | | |
| **Fanentanana ny olona** | Manetsika ny vaomieran'ny afo hanantanteraka fanenanana | Manetsika ny KMDT hanao ny asa fanentanana eny anivon'ny Fokontany | Mampahafantatra sy mampita ny toromarika amin'ny Fokontany |
| **Fanofanana** | Mampiofana ireo mpikambana amin'ny fiatrehana ny afo | Manatrika sy mampihatra ny fanofanana azo<br>Mikaroka vahaolana hafa tsy hampiasana afo amin'ny fambolena | Mandray anjara amin'ny fanofanana ny Fokonolona sy KMDT amin'ny fiatrehana ny afo<br>Manofana amin'ny teknika moderna tsy mampiasa afo |
| **Famolavolana sy fampiharana ny Dina** | Manangana ny dina anatin'ny VOI sy mapihatra izany | Manangana Dina sy mampihatra izany | Manangana Dina isaky ny Kaominina<br>Mankato sy mampihatra izany |

**2. Tanjona :**

Fampihenana ny velarantany may amin'ny alalan'ny fahaiza-mitantana sy fifehezana ny afo.

**4. Lafiny ara-lalàna sy fitsipika:**

- Hitsivolana laharana faha-60-127 Manoritra ny sata momba ny famakian-tany vao sy ny doro ala, tamin'ny 03 oktobra 1960;
- Hitsivolana laharana faha 60-128 Mametra ny paika arahina amin'ny famaizana ny fandikan-dalàna tamin'ny 03 oktobra 1960;
- Didim-panjakana laharana faha 61-078 Manoritra ny paika arahina amin'ny famaizana ny fandikan-dalàna momba ny ala, ny fihazana, ny fanjonoana ary ny fiarovana ny zavaboaary tamin'ny 08 febroary 1961;
- Didim-pitondrana laharana faha 058 Anomezana alàlana ny doro afon-kijana tamin'ny 7 janoary 1961;
- Hitsivolana laharana faha 76-030 mandidy ny hanaovana fepetra noho ny antony manokana mba hitorina ny mpanao doro tanety, izay fandikan-dalàna voalazan'ny hitsivolana nasiam-panovàna laharana faha 60-127 tamin'ny 03 oktobra 1960;
- Didim-panjakana laharana faha 82-313 mametraka ny fitànana bokin'andraikitra momba ny tany firaofam-bilona ho an'ny biby fiompy tamin'ny 19 jolay 1982;
- Didim-panjakana laharana faha 87-143 mametra ny fomba fanaovana teviala sy doro afon-javamaniry Tamin'ny 28 aprily 1987;
- Lalana laharana faha-97017 anavaozana ny fitantanana ny ala tamin'ny 08 aogositra 1997;
- Didim-panjakana laharana faha 97-1200 Momba ny sori-dalana lehibe sy ny tanjona kinendry amin'ny Politika fitantanana ny ala tamin'ny 02 oktobra 1997;
- Didim-panjakana laharana faha 2002-793 mamaritra ny fepetra famporisihana ho fisorohana sy famongorana ny doro tanety tamin'ny 07 aogositra 2002.






| Distrika | Prefektiora | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny Faritra | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy ny Ala |
|---|---|---|---|
| **FISOROHANA** | | | |
| Manaitra sy mitarika ary mamory ny olona eo ambany fahefany amin'ny fanentanana amin'ny voka-dratsin'ny afo sy famonoana ny afo | Manentana ny sampandraharahampanjakana amin'ny ady amin'ny afo sy ny fiatrehana ny vanimpotoanan'ny afo | Mampatsiahy ny Distrika, Kaominina, Fokontany fa ho avy ny fotoanan'ny doro tanety | Mampihatra ny didim-panjakana n° 2002/793 tamin'ny 07 aogositra 2002 izay mamaritra ny fepetra famporisihana sy ny famongorana ny doro tanety; Mizara ny fitaovana fanentanana (dépliants, peta-drindrina, sns) enti-miady amin'ny doro tanety |
| Mamory ny hery rehetra ao amin'ny Distrika mba hisian'ny fampandrosoana | Manentana ny mpamatsy vola afaka ma- nampy amin'ny fanofanana | Manentana ny mpamatsy vola afaka manampy amin'ny fanofanana | Manome fanofanana ara-teknika mikasika ny fisorohana sy famonoana ny afo |
| | | | |

| Tompon'andraikitra / Asa | Vondron'olona Ifotony | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny Kaominina |
|---|---|---|---|
| | | | |
| **Fametrahana drafitr'asa amin'ny fiadiana amin'ny doro tanety** | Mampiditra ao anatin'ny fandaharan'asany ny ady @ afo | Mampahafantatra ny andraikitry ny tsirairay isaky ny fivorian'ny Fokontany | Mampahafantatra ny andraikitry ny tsirairay isaky ny fivorian'ny Kaominina |
| **Fanamafisana ny fambolen-kazo** | Manaramaso ny fambolenkazo sy mametraka ny aro afo | Manao aro afo ho an'ireo fambolen-kazo efa vita | Manamafy ny fambolen-kazo any amin'ny faritra mena<br>Manara-maso ny fikarakarana ny fambolen-kazo efa vita |
| **Fanamafisana ny fandriampahalemana** | Fanatanterahana fisafoana ala | Mandrindra ny andrimasompokonolona indrindra amin'ny fotoana fiatrehana ny afo | Mametraka paik'ady ho fanamafisana ny fandriampahalemana eny anivon'ny Fokontany sy Kaominina |
| **Fanaraha-maso** | Fanantanterahana fanaraha-maso sy fisafoana ala | Fanaraha-maso ny afon-kijana, afom-pambolena, afom-pako tsy hihitatra | |
| **Fanaovana tomban'ezaka** | Manao tombanezaka aorian'ny vanimpotoanan'ny afo ary mitondra ny tatitra eny anivon'ny ambaratongampahefana | Manao fanaraha-maso sy tomban'ezaka<br>Manombana ny velarana may sy voina nitranga ary mandefa tatitra any amin'ny Kaominina | Manao fanaraha-maso sy tomban'ezaka<br>Manombana ny velarana may sy voina nitranga ary mandefa tatitra any amin'ny KASTI sy Distrikta |
| **FIATREHANA NY AFO** | | | |
| **Famonoana ny afo** | Mandray anjara @ famonoana afo | Manentana ny Fokonolona sy mamono avy hatrany ny afo<br>Mitsirika ny otrik'afo rehefa voavono ny afo | Manaitra sy mampita ny toromarika amin'ny Fokontany |
| **FAMAIZANA** | | | |
| **Fikarohana ny mpandoro sy famaizana** | Manoro izay nahavanondoza<br>Mampihatra ny dinan'ny fikambanana | Fitadiavana ny nahavanon-doza sy fanaporofoana ny heloka natao<br>Fanasaziana araka ny Dina<br>Iharan'ny sazy raha tsy hita ny nanao ny heloka | Fanasaziana araka ny Dina<br>Iharan'ny sazy raha tsy hita ny nanao ny heloka |

| Distrika | Prefektiora | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny Faritra | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy ny Ala |
|---|---|---|---|
| Manao fankatoavana ny Dina | Mandefa ny dina hankatoavina eny @ tribonaly | | |
| Miara-miasa amin'ny KASTI sy ny hery rehetra misy ao aminy amin'ny famolavolana ny drafitr'asa | Mamolavola sy manaparitaka ny paikady iatrehana ny vanimpotoanan'ny afo | Mampahafantatra ny paik'ady ho ampiasaina, ny lalàna manan-kery misy | Manentana amin'ny fandrafetana drafitr'asa fiadiana amin'ny doro tanety<br>Mandravona ny drafitr'asa<br>Manara-maso ny fanatanterahana ny drafitr'asa |
| Manamafy ny fambolen-kazo any amin'ny faritra mena<br>Manara-maso ny fikarakarana ny fambolen-kazo efa vita | Mamolavola tetikasa fiarovana ny fambolenkazo | Manatanteraka ny voalaza ao amin'ny PRD mikasika ny fambolen-kazo | Manentana sy manao tantsoroka ara-teknika, mamatsy masomboly |
| Mametraka paik'ady ho fanamafisana ny fandriampahalemana eny anivon'ny Fokontany sy Kaominina ary Distrikta | Manome baiko sy manampy ny sampandraharaha miadidy ny fandriamapahalemana | Mametraka «poste avancé» any amin'ny faritra mena<br>Mametraka DAS isam-pokontany | Manentana ny Sampan-draharahan'ny Fiarovam-pirenena sy Foloalindahy amin'ny fiarahamiasa. |
| | | | Fanentanana ara-teknika<br>Fisafoana sy fanaraha-maso |
| Mitarika ny fivorian'ny Komity manao fitsirihana sy tomban'ezaka amin'ny ady amin'ny doro tanety<br>Mandray ny fepetra tokony horaisina na ny tetik'ady tokony hapetraka manoloana ny tatitra | Mandray ny fepetra tokony horaisina na ny tetik'ady tokony hapetraka manoloana ny tatitra voaray<br>Manao ny tomban'ny velaran-tany may eraky ny faritra | Mandrindra ny vokatry ny tomabn'ezaka ho tafiditra ao anaty drafim-pampandrosoana | Mandefa ny trangan'afo azo avy amin'ny fanaraha-maso ataon'ny zana-bolana amin'ny Distrikta sy Faritra<br>Mandravona ny tomban'ny velaran-tany may |
| **FIATREHANA NY AFO** | | | |
| Manao «réquisition» ny fitaovana misy ao amin'ny Distrikta ho enti-miady amin'ny afo (fiara sns) | Manetsika ny sampandraharaha rehetra handray anjara @ famonoana afo | Manaitra sy mandrindra ny mpiaramiombon'antoka raha misy afo tsy voafehy ny famonoana azy | Mitarika sy manoro ara-teknika ny famonoana afo |
| **FAMAIZANA** | | | |
| Mapita vaovao mahakasika ny zava-mitranga | Manampy @ fikarohana izay nahavanondoza @ fampitambaovao | Manolotra fankasitrahana izay nanoro ny mpandoro | Manaporofo ny heloka natao<br>Manao ny fitanana an-tsoratra, ny famintinana, mandefa ary manara-maso ny antotantaratasy any amin'ny fitsarana.<br>Mampihatra ny sazy amin'ny Fokonolona na ny Kaominina raha tsy hita ny meloka<br>Manome fankasitrahana ny Kaominina kely velaran-tany may indrindra amin'ny alalan'ny tetik'asa |

1. **Famaritana :**

- Ny Politikam-pirenena momba ny Tontolo Iainana ho amin'ny Fampandrosoana Maharitra (PNEDD) dia voarakitra ao anatin'ny tomban'ezaka nataon'i Madagasikara araka ny zava-kinendrin'ny Fampandrosoana Maharitra na ny Tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra.
- Ny Politikam-pirenena momba ny Tontolo Iainana ho amin'ny Fampandrosoana Maharitra dia natao mba hikendrena indrindra ny fisokafana sy ny fifampiankinanan'ny olana eo amin'ny tontolo iainana, ny ara-tsosialy ary ny ara- toekarena sy kolotsaina.
- Ireo Politikam-panjakana rehetra misy isan-tsehatra dia samy nofotorina avokoa ho antoky ny firindrana sy ny fifamenoana amin'ity Politikam-pirenena momba ny Tontolo Iainana ho amin'ny Fampandrosoa Maharitra ity.

3. **Ireo zava-kendren'ny politikam-pirenena momba ny tontolo iainana ho amin'ny fampandrosoana maharitra:**

Ny zava-kendren'ny Politikam-pirenena momba ny Tontolo Iainana ho amin'ny Fampandrosoana Maharitra dia mifototra tanteraka amin'ireo zava-kinendrin'ny Tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra na ny ODD izay mahakasika ny tontolo iainana.

Ny Politikam-pirenena momba ny Tontolo Iainana ho amin'ny Fampandrosoana Maharitra dia mikendry ny:

- Ny fametrahana lamina ara-panjakana sy araky ny lalàna mifanaraka amin'ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary sy ho fanatsarana ny fari-piainan'ny olona.
- Ny fampiasana fomba fiasan'ny fisokafana sy misandrahaka
- Ny fanasongadinana ireo traikefa misy sy ny fomba fiasa ary ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo mpiantsehatra.
- Ny fametrahana rafi-pitsirihana manoloana ireo fandraisan'andraikitra mirona mankany amin'ny fikajiana ny Tontolo Iainana

- NY fampaharetana ny famatsiana ara-bola ireo tetik'asa mahakasika ny Tontolo Iainana
- Ny fanamafisana ny fomba fampidirana ny hadiry ara-tontolo iainana isan'ambaratongany, mikendry ny fampivoarana ny toe-piaina mandàla ny tontolo iainana.
- Ny fametrahana fomba fitantanam-baovao sy seraseram-pirenena ara-tontolo iainana manaraka ny fenitra, mamaly ny filan'ireo mpisehatra rehetra eo anivon'ny firenena sy iraisam-pirenena.
- Ny fanatsarana ny asa fiarovana sy ny fanairaina ara-tontolo iainana ary ny fanamafisana ireo fitsirihana sy fisafoana ara-tontolo iainana
- Ny fanamafisana ny fitaovam-pandrefesana sy fanaraha-maso ireo fiantraikan'ny famatsiam-bola amin'ny Tontolo Iainana.
- Ny fanajana sy ny fampiharana ireo fiaraha-miasa, fifanarahana ary fifanekena iraisam-pirenena sy isam-paritra momba ny tontolo iainana izay nosoniavin'i Madagasikara

6. **Fizarana andraikitra**

Ny fandraisana anjara mavitrik'ireo mpisehatra no tena zava-dehibe amin'ny fanatontosana ity politika ity. Ireto avy ireo mpisehatra:

| Ny Fanjakana | Ireo Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana: | Ireo fikambanam-piaraha-monina any ifotony: |
|---|---|---|
| Ny Ministera misahana ny Tontolo Iainana, amin'ny maha mpitarika ny sehatry ny Tontolo Iainana azy, mamaritra ny politika mikasika ny Tontolo Iainana ary miantoka ny fampandehanana izany araka ny maha mpandrindra, mpanamora, mpanitsy azy. Izy no mandamina sy mandrindra ny asa rehetra sy miantoka ny fanaraha-maso sy fanombanana.<br>Miantoka ny fahatanterahan'ny andraikitra maha fanjakana. Eo amin'ny lafiny fanatontosana asa kosa dia afaka mamindra ny fahefana amin'ny fanatanterahana asa ho amin'ireo sampan-draharaha iahiny sy miara-miasa aminy izy.<br>Samy mitondra ny fandraisan'anjarany amin'ny fitandroana sy fiarovana ny Tontolo Iainana eo amin'ny fanatanterahany ny asany avy ireo Departemant isaky ny ministera mba ho antoky ny faharetan'ny asa tontosainy. | Izany dia miompana amin'ny fampandraisana anjara sy andraikitra ombieny ombieny ireo tomponandraikitra any ifotony sy eny anivon'ny faritra amin'ny fitantanana ireo harena voajanahary ao amin'ny faritra misy azy sy ny fanaraha-maso ny hampisy hatrany ny fifandanjana ara-ekolojika. | Fampivondronana sy fanabeazana ireo fokonolona any an-toerana no miteraka ny fiforonan'ireo mpitantana sy ireo mpiahy ny Tontolo Iainana manana ny maha izy azy. |

2. **Tanjona :**

- Ny fitantanana maharitra ireo loharanon-karena voajanahary mba ho fiahiana ny tsy fahampiana ara-tsakafo sy ara angôvo mano-loana ny fitombon'ny mponina sy ny fiovan'ny toetr'andro;
- Ny fitandrovana ireo karazan-javaboary tokana aman-tany izay tandindomin-doza;
- Ny fanenana ireo loza ara-tontolo iainana sy ara-pahasalamana izay vokatr'ireo karazana fandotoana ateraky ny filan'ny fampandro-soana ara-tsosialy sy ara-toekarena;
- Ny fampiasana ara-drariny ireo faritra andrian-drano izay miantoka ireo asa fototry ny fiainana sy ny filana rano fisotro;
- Ny fandraisana anjara ankapoben'ny mponina amin'ny fampiharana ny politika ara-tontolo iainana mifototra amin'ny fampandro-soana maharitra, amin'ny alalan'ny fanovam-pihetsika sy ny fampivelarana ny foto-pisainana mandàla ny tontolo iainana;
- Ny fanatontoloana; fampifandraisana ny politikam-panjakana amin'ny fifanarahana sy ny fifanekena iraisam-pirenena izay noso-niavin'i Madagasikara, ny fifanakalozana isam-paritra, ny fanalalahana, ny fifampiankinana eo amin'ny lafiny ara-toekarena, ny fifaninanana, ny haitaon'ny serasera NTIC, ets … izay samy misy akony amin'ny tontolo iainana.
-

4. **Foto-kevi-dehibe**

Ankoatra ireo foto-kevitra hitantanana ny Tontolo Iainana voadidin'ny Sata mifehy ny Tontolo Iainana Malagasy nasiam-panitsiana dia nankatoavina ireto foto-kevitra ireto :

- Ny Foto-kevitry ny Fahaiza-mitantana:
- Ny fanamafisana ny fanapariaham-pahefana (fitantanana ifotony) sy ny fampitam-pahaizana sy fitaovana
- Ny fampiharana ny fampandraisan'anjara vehivavy
- Ny fanomezan-danja ny fihasamihafana isam-paritra
- Ny fitsinjarana ara-drariny ny tombontsoa

5. **Olana mpitranga**

Ny fanimbana noho ny filàna sy ny olana ara-toetr'andro izay miteraka tsindry tafahoatra eo amin'ireo loharanon-karena voajanahary izay misy (tany, rano, rivotra, ranomasina, biby, zava-maniry, ets …) ka mitarika mankany amin'ny fiharatsian'ny Tontolo Iainana;

6. **Dikan'ny fanafohezan-teny :**

**ODD :** zava-kinendrin'ny Fampandrosoana Maharitra
**PND :** Paikady Natao Dinasa
**NTIC:** haitaon'ny serasera
**ONG :** Fikambanana tsy Miankina amin'ny Fanjakana
**MECIE :** Didim-panjakana mamaritra ny Fampifaneranana ny Fampiasam-bola amin'ny Tontolo Iainana

| Ny Fikambanan'ireo Fiarahamo-nim-pirenena: | Ireo sehatra tsy miankina: | Ireo mpiara-miombon'antoka ara-tekinika sy ara-bola: |
|---|---|---|
| Manentana ny mpikambana ao aminy ho amin'ny asa fanovam-piaina sy fihetsika hikajy ny .tontolo iainana.<br>Mitarika ny olona maro hiara hientana sy hisehatra ho amin'ny fampandrosoana ma-haritra. | Manana ny toerany lehibe tokoa ny se-hatra tsy miankina eo amin'ny sehatry ny fitantanana sy fiarovana ny Tontolo Iainana amin'ny alalan'ny fampiasam-bola amin'ireo asa mifandraika mivan-tana amin'ny fiarovana ny tontolo iaina-na ary indrinda koa ireo fampiasam-bola izay mikendry indrindra ny fampihe-nana ny fandotoana ny tontolo iainana vokatry ny asa nataony. | Noho ny mbola tsy fahatomombanan'ny fiahiana ara-bola momba ireo filana amin'ny lafiny fiarovana sy fitantanana ny Tontolo Iainana manerana ny fire-nena, dia ilaina tokoa ny fandraisan'an-jaran'ireo mpiara-miombon'antoka ara-tekinika sy ara-bola mba hanampy an'i Madagasikara amin'ny fanatanterahana ity politika ity eo amin'ny sehatry ny Tontolo Iainana. |

## FAMOLAVOLANA DRAFITR'ASAM-PARITRA HO FAMPIHARANA NY POLITIKAM-PIRENENA MOMBA NY FANABEAZANA ARA-TONTOLO IAINANA HO AMIN'NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA

**1. Famaritana**

Ny Pôlotikam-pirenenana momba ny Fanabeazana ara-Tontolo Iainana ho amin'ny Fampandrosoana Maharitra dia mivoy fanabeazana izay manomana olom-pirenena mandray andraikitra, miray hina sy vonon-kiasa irery na miaraka, ao anatina tontolo iainana mirindra, mba ahatongavana amin'ny fampandrosoana maharitry ny firenena.

Ny asa fampandrosoana rehetra dia mifototra amin'ny fampifandanjana ny tontolo iainana amin'ny lafiny ara-piarahamonina ary ny lafiny ara-pihariana sy ara-kolontsaina. Mba hampahomby ny Fanabeazana ara-Tontolo Iainana ho amin'ny Fampandrosoana Maharitra, dia ilaina ny fanomezan-danja izany any amin'ny sehatr'asa rehetra atao hisian'ny fivoarana. Mba hampahomby ny Fanabeazana ara-Tontolo Iainana dia novolavolaina ny PErEDD ho fototra hiaingana hamaritra ireo asa mifandraika amin'izany fanabeazana izany. Voasokajy ho torozotra 6 ny lalan'asa tsy maintsy arahina amin'ny fanatontosana izany, dia ny:

- Fampidirana ny foto-kevitry ny Fanabeazana ara-tontolo iainana ho amin'ny Fampandrosoana Maharitra amin'ny asa fanabeazana sy fanofanana rehetra, ary fampifanarahana izany amin'ny zava-misy eny ifotony
- Fametrehana Vovonana hanamorana ny fifanakalozana, fandrindrana ary fanaraha-maso sy fanombanana, mba hampivoitra fiaraha-miasa maty paika eo amin'ireo mpiantsehatra rehetra
- Serasera mandava-taona eny anivon'ny haino aman-jery sy ny Teknolojia vaovao.
- Fidirana an-tsehatry ny Fanjakana eo amin'ny lafiny fanatanterahana asa sy famatsiam-bola
- Fampivondronana ireo fahalalana azo sy fampiroboroboana ny asa fikarohana
- Fidirana an-tsehatry ny mpiara-miombon'antoka sy ny mpiantsehatra rehetra amin'ny fandraisana anjara arak'asa

Mba hahamora ny fandrindrana ny asa isan-tsehatra sy isan'ambaratongany, ary koa hampisy ny fifamenoana isam-paritra dia novolavolaina hifandraika amin'izany ny Drafitr'Asam-pirenena ho an'ny Fanabeazana ara-Tontolo Iainana ho amin'ny Fampandrosoana Maharitra na ny PAN-PErEDD.

**5. Lafiny ara lalàna sy fitsipika**

- Didim-panjakana laharana faha 2013-880 ny 23 Desambra 2013, mametraka ny Pôlitikam-pirenena ho an'ny Fanabeazana momba ny Tontolo Iainana ho amina Fampandrosoana lovain-jafy (PErEDD)
- - Didy Hitsivolana laharana faha 02/2015 ny 22 Aprily 2015, momba fananganana rafi-panohanana ny fampiharana ny Pôlitikam-pirenena ho an'ny Fanabeazana momba ny Tontolo Iainana ho amina Fampandrosoana Maharitra (PErEDD)

**7. Fizarana andraikitra/fanatontosana**

| Tompon'andraikitra / Asa | Fokontany | Kaominina | Distrika |
|---|---|---|---|
| **Fandrafetana ny Drafitr'Asam-paritra momba ny Fanabeazana ara-Tontolo Iainana ho amin'ny Fampandrosoana Maharitra na PAR** | | | |
| **Fampiharana ny Drafitr'Asam-paritra na PAR** | Mpanatontosa | Mpanatontosa | Mpanatontosa |

**2. Tanjona fototra**

Ny tanjon'ny Fanabeazana ara-Tontolo Iainana ho amin'ny Fampandrosoana Maharitra, dia ny fampiroboroboana ny fahatsiarovan-tena ara-tontolo iainan'ny isambatan'olona, amin'ny alalan'ny fanovozam-pahalalàna, ny fahafolahana ny fahaiza-manao mankany amin'ny fahaiza-miaina loharanon'ny fandraisana andraikitra irosoana mankany amin'ny fampandrosoana maharitra.

**3. Tanjona manokana**

- Misokajy ho toy izao ireo Tanjona Manokana:
- Asa fanentanana sy fitarihana ny mponina mba hahatsiaro tena manoloana ny tontolo iainana misy azy,
- Fivoizana ny finiavan'ny Firenena manontolo amin'ny fanajanany aina sy ny tontolo iainana;
- Fametrahana ny firaisankinam-pirenena izay fepetra hisian'ny filaminana ao anatin'ny fiaraha-miaina;
- Fametrahana ny fanajana ny fihasamihafana izay miainga amin'ny fanajanany tena sy ny fitsinjovana ny hafa;
- Fitaomana ny olom-pirenena tsirairay hampiditra ny foto-kevitry ny Fampandrosoana Maharitra sy ny fitantana ara-drariny ireo harena voajanahary.

**4. Olana mpitranga**

- Lesoka eo amin'ny lafiny ara-pitantanana ny fanatanterahana ny Pôlitikam-pirenena momba ny Fanabezana ara-Tontolo Iainana ho amin'ny Fambandrosoana Maharitra
- Tsy fisian'ny asa fandrindrana sy firindrana ary fifamenoana manoloana ireo karazana fomba fanatanterahana ny asa fanabeazana momba ny tontolo iainana isan'ambaratongany sy isamp-paritra.
- Tsy fisian'ny fifanakalozana eo amin'ireo mpisehatra eo amin'ireo fomba fiasa isan-tokony.

**6. Dikan'ny fanafohezan-teny**

- **CER:** Cellule Environnementale Régionale
- **PANErEDD:** Plan d'Action National de l'Education relative à l'Environnement.pour le Développement Durable.
- **PAR:** Plan d'Action Régional.
- **PErEDD:** Politique de l'Education relative à l'Environnement pour le Développement Durable.

| Faritra | DREEF | MEEF/SEEDD | ASS/ONG/STD |
|---|---|---|---|
| Mpiara-miombon'antoka: CER | Mpandrindra ifotony | • Mamolavola TDR<br>• Manomana ny Haitao enti-manatanteraka ny asa<br>• Manomana atrik'asa indroa miantaona: Famolavolana sy Fankatoavana | Mpiara-miombon'antoka |
| Mpiara-miombon'antoka (CER);<br>Mpanara-maso | Mpandrindra ifotony | Mpandrindra ankapobeny | Mpanatanteraka<br>Mpiara-miombon'antoka |

1. **Famaritana :**

Ny Paikady Nasionaly momban'ny Atontam-baovao sy Serasera ara-Tontolo Iiainana ho amin'ny Fampandrosoana Lovainjafy(PNASTIFL) dia paikady ho entina mametraka ny atontam-baovao, ny atontan'isa ary ny angon-drakitra misokatra mikasika ny Tontolo Iainana ary ny fanamafisana ny serasera, ny fampitam-baovao, ny fanentanana ara tontolo iainana ny Malagasy rehetra ho amin'ny fampandraisana andraikitra ho amin'ny fampandrosoana maharitra ny Firenena.

**3. Olana Mpitranga**

- Maro ny vaovao iraisam-pirenena mikasika ny Tontolo iainana tsy fantratra.
- Tsy ampy sy tsy tonga any @ vahoaka any ifotony ny fizaram-baovao sy ny serasera ara-tontolo iainana.
- Sarotra ny fitadiavana atontam-baovao sy atontan'isa ara-tontolo iainana
- Tsy ampy fahalalana mikasika ireo lohahevitra ara-Tontolo Iainana, Fampandrosoana lovain-jafy, Tanjon'ny Fampandrosoana maharitra ny vahoaka Malagasy.

**5. Lafiny ara-lalana sy fitsipika**

Ity Paikady ity dia miditra amin'ny fanatanterahana ny:

- Axe faha 5 ao amin'ny Politika Nasionaly ho amin'ny Fampandrosoana.
- Tanjon'ny Satan'ny Tontolo iainana araky ny Lalàna faha 2015 -003 tamin'ny 19 Feb 2015)
- Politika Nasionaly momban'ny Tontolo iainana ho amin'ny Fampandrosoana Lovain-jafy (Didim-panjakana faha 2015-1308)
- Politika Nasionaly momba ny Fanabezana mifanaraka @ ny TontoloIa inana ho amin'ny Fampandrosoana Lovain-jafy. (Didim-panjakana faha 2013-880 tamin'ny 23 Desambra 2013)

**8. Andraikitry ny olona rehetra isan-tsokajiny amin'ny fiarovana sy ny fikajiana ary ny fitantanana maharitra ny tontolo iainana ho amin'ny fampandrosoana maharitra.**

- **Tanora:** mpizara vaovao na hevitra vaovao mikasika ny fampandrosoana lovain-jafy amin'ny alalan'ny tambazotra sosialy. Lohalaharana amin'ny fiarovana sy ny fanatsarana ny Tontolo Iainana
- **Vehivavy:** Mpanamora ny fitaizana sy Mpanabe ny ankizy ho amin'ny fikajiana sy ny fitantanana ny harenavoajanahary eny ifotony ho amin'ny fanatrarana ny Tanjon'ny Fampandrosoana lovainjafy, Mpandray anjara mavitrika amin'ny fametrahana ny komitin'ny fampandrosoana ny tanàna ary ny Mpanara-maso ireo tetik'asan'ny fampandrosoana eny ifotony.
- **Mpitarika arapanahy :** Mitarika ny mpino tarihiny hanaraka ny baikon'Andriamanitra hiaro sy hitandrina ny Tontolo Iainana.
- **Apanjaka :** Mampiasa ny fahefany sy ny heriny hitarika ireo vahoaka tarihiny hitantana tsara sy hiaro ary hikajy ireo harena voajanahary eoamin'ny tanàna anjakany; Manosika ireo mpiantsehatra amin'ny tanàna hitantana ireo ady ateraky ny fahapotehan'ny Tontolo Iainana: Manamafy ny fahaiza-manaon'ny vahoaka Malagasy hanatanteraka sy hanatratra ny tanjon'ny Fampandrosoana Lovainjafy.
- **Fivondronan'ny Fikambanan'ny Tantsaha:** Manofana ireo Tantsaha hampiasa maharitra ny harena voajanahary sady hampihatra ny atao oe: Agroekolojia sy ny Fambolena iatrehana ny Fiovan'nyToetrandro.
- **Mpanapa-kevitra:** Manazava ireo Politika Nasionaly mifandray @ Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana maharitra (Satan'ny TontoloIainana, PNEDD); Manorolalana ireo Fikambanana, vondrona, ONGs izay maniry ny hizotra mankany amin'ny Fampandrosoana lovainjafy.
- **Mpanao gazety:** Mampahafantatra sy manentana ny ny vahoaka Malagasy ny amin'ny fiarovana sy ny fikajiana ary ny fanatrarana ny Tontolo iainana ho amin'ny fampandrosoana maharitra ny firenena.
- **Ben'ny Tanàna:** Mpanantanteraka ny Aganda 2030 any amin'ny Kaominina.
  - Miantoka ny Fampandrosoana Maharitra ny Kaominina
  - Manentana ireo mpanambola rehetra hampiasa vola ao amin'ny kaominina mba hanaja ny Bokin'andraikitra ara-tontolo Iainana.
  - Mikajy ny tontolo iainana sy mitantana maharitra ireo harena voajanahary any amin'ny Kaominina.
  - Mandravona sy mampitsahatra ny ady amin'ireo Kaominina akaiky
  - Ministera rehetra: Mitantana maharitra ny harena voajanahary
  - Mandrindra ny Fampandrosoana amin'ny fampidirana ny Tontolo iainana ho amin'ny fampandrosoana maharitra
  - Mametraka systema mikasika lay famatsiana maharitra ho amin'ny fikajiana ny Tontolo iainana.
- **Fampianarana ambony sy ny Université ny:** Mamokatra antontambaovao marina
  - Manangona atontan'isa sy atontambaovao ary mizara ireo atontam-baovao mikasika ny tontolo iainana
  - Manangana atontan'isa ara-tontolo iainana ara-tsiansa.

**2. Tanjona :**

- Fanamafisana sy fanatsarana ny fitantanana ny atontam-baovao ara-tontolo iainana avy any amin'ny fotony ka hatrany amin'ny fizarana sy ny fanapariahana azy.
- Fanamafisana ny fampielezana sy ny fampidirana ny hadiry ara-tontolo iainana ary ny fampiroboroboana ny fananana toetsaina mandala sy mihevitra ny Tontolo iainana amin'izay rehetra atao,
- Fampiroboroboana ny fampihavanana ny vahoaka Malagasy amin'ny TontoloIa ianana

**4. Stratejia 4 mamaritra ny Paikady**

- **Strtatejia 1**: Miantoka ny fisokafana, fahazoana maimaimpoana, fisiana, fahafahana miditra, fahazoana antoka, fandefasana, fampiasana, amin'ny fotoana, fahazoana mampiasa ny atontam-baovao ara-tontolo iainana, mba ho fitaovana mitarika ho amin'ny fanapahan-kevitra ary miantoka ny fahitana an'I Madagasikara amin'ny aterneto.
- **Stratejia 2 :** Fametrahana ny fandrindrana tsara indrindra ny asan'ny serasera ho amin'ny fampitana ny fahalalana ny Tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy, mba hisy fiaraha-mientana amin'ireo tompon'andraikitra rehetra.
- **Stratejia 3:** Fampiroboroboana ny mekanisman'ny serasera mifanaraka, mifandray, sy mifanojo amin'ny filan'ireo karazan'ny olona rehetra isan-tsokajiny.
- **Stratejia 4:** Manosika ireo tompon'andraikitra ara-tsosialy sy ara-toekarena hanome lanja ireo harena voajanahary ho amin'ny fampandrosoana lovain-jafy.

**7. Teny Filamatra ho an'ny olona rehetra isan-tsokajiny**

- « Zaza iray, Hazo iray»!
- « Ankizy: SALAMA !HERIN'ny hoavin'ny Firenena».
- « Zatovo sambatra sy finaritra– Andrin'ny Firenena»
- « Tanora tia sy mankafy ny Tontolo Iainana, Mpiandraikitra maharitra ny Firenena »
- « Mpanakanto tia zavaboahary sy ny tontolo iainana - Herin'ny fanentanana ara-tontolo iainana.
- « Reny – Mpitantana maharitra ny Tontolo iainana ao an-tokantrano ny».
- « Ala arovana – Fialan-tsasatra sy fahasalamana ho an'ny Ankohonana»
- « Filoham-pirenena ! Miasa maharitra ho an'ny Firenena »
- « Depioté sy Loholona ! Miady sy miaro ny lalàna mifandray amin'ny Tontolo Iainana ho amin'ny Fampandrosoana lovain-jafy »
- « Mpitarika! Mpanentana ho amin'ny asa maitso»
- « Profesora tia Tontolo iainana ! Mamoaka Tanora tompon'andraikitra maharitra »
- «Mpanao gazety maitso ! Herin'ny fiovana ho amin'ny Fampandrosoana Lovain-jafy»
- «Mpampiasa vola manaja ny Tontolo Iainana ! Mihevitra ny taranaka any aoriana»
- «Fikambanana ara-tsosialy : Tompon'andraikitry ny Fiarovana sy ny Fikajiana ny harena voajanahary ho an'ny Taranaka amampara».



1. Famaritana :

Fidirana an-tsehatra ataon'ny tompon'andraikitra mahefa manoloana ny fanaovan-javatra miteraka na mety hiteraka fanembatsembanana/ loza ara fizika, moraly na ara materialy ho an'ny mponina na ny tontolo iainana taorian'ny fitarainana/fanoherana an-tsoratra nataon'ny olona iray, antokon'olona na fikambana na koa Fokonolona.

3. Olana mpitranga :

- Fandotoana na fanimbana ny tontolo iainana ataon'ireo mpandraharaha sy ireo olana aterak'izany eo amin'ny fiaraha-monina;
- Fitarainana tsy voavaha;
- Fifanilihana andraikitra ateraky ny tsy fahafantarana izany.

5. Dikan'ny fanafohezan-teny :

**CEF :** Komitin'ny Tontolo Iainana sy ny Ala
**DREEF :** Talem-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Ala
**MEC :** Mise en conformité
**MEEF :** Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Ala
**ONE :** Foibem-pirenena momba ny Tontolo Iainana
**STD:** Sampan-draharaham-Paritra Itsinjaram-pahefana

**6. Fizaran'andraikitra**

| Tompon'andraikitra / Asa | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny Kaominina | Distrika | Faritra |
|---|---|---|---|---|
| **Fandraisana ny fitarainana avy amin'ny olon-tokana na orinasa na vondron'olona** | Manamarina ny fandalovan'ny fitarainana teo amin'ny Fokontany<br>Miezaka mampiravona ny olana<br>Mampita ny fitarainana eny amin'ny Kaominina<br>Manamarina ny fananan'ny olona notoriana ny " fahazoan-dalana hiasa." | Manamarina raha mitombona na tsia ny fitoriana<br>Raha toa ka olana mahakasika ny fotodrafitrasa miorina dia manamarina ny fahazoan-dalana rehetra (autorisation d'installation, Permis de construire, Permis d'exploitation)<br>Miezaka mamaha vonjy maika ny olana amin'ny andraikitra mifanandrify aminy mialohan'ny hiforonan'ny Komity (Comité Ad'Hoc) | | |
| **Fidinan'ny Comité Ad'hoc eny an-toerana** | Mampandre ny "mpitaraina" ny fidinan'ny Komity eny an-toerana<br>Mandrindra ny fotoana<br>Manolotra vahaolana<br>Manoro ny Komity ny toerana misy ny fitarainana sy ny mpitaraina.<br>Mampahafantatra ny Komity ny fangatahana fahazoan-dalana efa nandalo tao amin'ny Fokontany. | Manao didim-pitondrana kaominaly handravonana ny olana ara-tontolo iainana raha ilaina izany<br>Miara-manome soso-kevitra amin'ny famahana ny olana amin'ny fokontany ary manolotra izany amin'ny DREEF | Manamarina ny maha ara-dalàna ny fivoahan'ny didim-pitondrana kaominaly. | |
| **Fivoriana miaraka** | Manao sonia ny fitanana an-tsoratra. | Manao sonia ny fitanana an-tsoratra. | | |

2. Tanjona :

Ho famahana ny olana ara tontolo iainana mpitranga mba hampilamina sy hampirindra ny fiarahamonina.

4. Lafiny ara-lalàna sy fitsipika:

• Lalàna laharana faha 94-008 tamin'ny 26/04/95 mametra ny lalàna mifehy ny fandrindrana, ny fampandehanana ary ny fitsinjarana asa eo amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana;
• Lalàna laharana faha 2004-001 tamin'ny 17 jona 2004 mikasika ny faritra;
• Didim-pitondranan'ny faritra momban'ny fananganana ny Komity mpitantanana ny fandravonana ny fitarainana eo amin'ny tontolo iainana;
• Fanapahan-kevitry ny faritra momban'ny fanendrena ny mpikambana mandrafitra Komity mpitantanana ny fandravonana ny fitarainana eo amin'ny tontolo iainana.



| DREEF | " Directions centrales MEEF " | CEF | " Ministères sectoriels " | ONE | Andinin-dalàna |
|---|---|---|---|---|---|
| Mandinika ny antontam-pitarainana raha misy hifandraisany amin'ny tontolo iainana<br>Manangana ny Komity (Comité Ad'hoc) hidina eny an-toerana ka mangataka fotoana amin'ny Kaominina sy ny Fokontany<br>Mampahafantatra ny CEF<br>Manamarina ny fananan'ny olona notoriana ny "fahazoan-dalana ara-tontolo iainana" | Mampahafantatra ireo teknika azo hifehezana ny olana ara-tontolo iainana ao amin'ny "Ministères sectoriels" izay voakasika akaikin' ny fitarainana<br>Mifanampy amin'ny DREEF amin'ny fandravonana ny fitarainana ara-tontolo iainana (raha misy ny olana ara-teknika na sosialy na politika). | Misolo-tena ny DREEF amin'ny fandraisana ny fitarainana eny anivon'ny Distrika ka mampita izany any amin'ny DREEF | Mandinika ny olana ka mamaritra ireo vahaolana<br>Manamarina ny fananan'ny olona notorina fahazoan-dalana hitrandraka, agrément na fahazoan-dalana ara-tontolo iainana | Manara-maso ny tetik'asa tsy manaraka ny bokin'an-draikitra. | Lalàna laharana faha 94-008 tamin'ny 26 aprily 1995 mametra ny fitsipika mahakasika ny lalàna mifehy ny fandrindrana, ny fampandehanana ary ny fitsinjarana asa eo amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. |
| Mampahafantatra ny Komity amin'ny fotoana hidinana eny an-toerana<br>Mampahatsiahy ny tokony hikajiana ny tontolo iainana<br>Mamoaka fepetra sy toromarika handravonana ny fitarainana avy amin'ny vahaolana nomen'ny Fokontany sy ny Kaominina<br>Manamarina ny fananan'ny olona fahazoan-dalana ara-tontolo iainana.<br>Mandrisika ny tetik'asa tsy ara-dalàna mba handray ireo fepetra ikajiana ny tontolo iainana (fanaovana mise en conformité) | Mampahafantatra ireo teknika azo hifehezana ny olana ara-tontolo iainana<br>Mampandray andraikitra ireo "cellules environnementales".<br>Mifanampy amin'ny DREEF amin'ny fandravonana ny fitarainana ara-tontolo iainana (raha misy ny olana ara-teknika na sosialy na politika). | Manampy ny Fokontany sy ny Kaominina amin'ny fandrindrana ny fidinana | Manome ireo vahaolana ara-teknika hifehezana ny olana ara-tontolo iainana mahakasika ilay sehatr'asa | Mandrisika ireo tetik'asa tsy manara-dalàna mba handray ireo fepetra fikajiana ny tontolo iainana (fanaovana MEC) | |
| Manao sonia ny fitanana an-tsoratra.<br>Mitarika ny fivoriana raha tsy mandray anjara ny "Directions Centrales" | Mitarika ny fivoriana raha mandray anjara amin'ny fandravonana ny fitarainana. | Manao sonia ny fitanana an-tsoratra. | Manao sonia ny fitanana an-tsoratra. | Manao sonia ny fitanana an-tsoratra. | |

| Tompon'andraikitra / Asa | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny Kaominina | Distrika | Faritra |
|---|---|---|---|---|
| **Fanaovana tatitra** | Manao tatitra mikasika ny fitarainana sy ny fepetra tokony horaisina handravonana ny olana ka mampita izany any amin'ny Kaominina | Manao sy mampita ny tatitra eny amin'ny Distrika sy ny STD | Mandefa ny tatitra any amin'ny Faritra | |
| **Fanaraha-maso ny fahatanterahan'ny fepetra noraisina** | Manaitra sy mampahatsiahy ny olona notoriana mba hanaja ireo toromarika nomen'ny Komity<br>Mijery akaiky ny fanarahan'ny olona notoriana ny toromarika nomen'ny Komity | Manara-maso ny fahatanterahan'ny fepetra noraisina eny anivon'ny Fokontany<br>Manao tatitra any amin'ny Distrika | | Manao fanaraha-maso ny fizotry ny asa rehetra |
| **Fepetra raisina raha tsy manaraka ny toromarika nomena** | Manao tatitra any amin'ny Kaominina | Manao tatitra any amin'ny DREEF<br>Manao Didim-pitondrana Kaominaly handravonana ny olana raha ilaina izany | | |

| DREEF | " Directions centrales MEEF " | CEF | " Ministères sectoriels " | ONE | Andinin-dalàna |
|---|---|---|---|---|---|
| Manao tatitra ireo fepetra nomeny ny olona voatory (notoriana) ka mampita any amin'ny "Directions Centrales MEEF" sy "Ministères Sectoriels" | Mampita ny tatitra avy any amin'ny DREEF | Mampita ny tatitra avy amin'ny Fokontany sy ny Kaominina any amin'ny DREEF | Mampita ny tatitra any amin'ny DREEF | | |
| Mifandray akaiky amin'ny Kaominina mikasika ny fivoaran'ny asa nateraky ny fepetra noraisina sy ny fanajana izany<br>Manao fidinana fanaraha-maso tampoka (descente inopinée) ny voatory<br>Manao tatitra any amin'ny "Direction Centrale".<br>Fanaraha-maso manoloana ny fivoaran'ny asa.<br>Manome toromarika ho an'ny tompon'ny tetik'asa (fanaovana MEC) | | Manara-maso ny fanatanterahana ireo fepetra noraisina | Manara-maso ny fahatanterahan'ny fepetra noraisina sy ny asa mifanandrify amin'ny sehatra misy azy ( PREE) | Manome ny toromarika ho an'ny tompon'ny tetikasa (fanaovana MEC).<br>Manara-maso ny fepetra noraisina sy ny bokin'andraikitra | Lalàna laharana faha 2004-001 tamin'ny 17 Jona 2004 mikasika ny faritra. |
| Manao tatitra any amin'ny "Directions Centrales"<br>Mitady vahaolana miaraka amin'ny<br>"Ministères sectoriels" sy ny "Directions Centrales" | Manome fampitandremana ho an'ireo niharan'ny fitoriana.<br>Mitady vahaolana miaraka amin'ny "Ministères sectoriels" | | | Manome fampitandremana voalohany sy faharoa izay miafara amin'ny sazy maromaro | |

# FANADIHADIANA MOMBA NY FIANTRAIKA

**1. Famaritana:**

**. Ny Tetik'asa fampiasambola kasain**

- Fanadihadiana tetik'asa manana fiantraikany tsy azo tsinontsiniavina amin'ny tontolo iainana;
- Fanadihadiana tetik'asa amin'ny toerana misy faritra marefo /mora voatohitohina/saro-pady;
- Fanombanana ny lafiny tontolo iainana tanterahan'ny Komity Teknika momba ny Fanombanana sahaza;
- Fanadihadiana miafara amin'ny famomezana ny "fanomezan-dalana ara-tontolo iainana".
- Ny tetik'asa fampiasambola kasain'ny fanjakana na olotsotra manana na tsy manana fanomezan-dalana avy amin'ny manampahefana mety hanimba ny tontolo iainana tsy maintsy anaovana fanadihadiana ny momba ny ho mety fiantraikany alohann'ny fanombohan'ny fanantaterahana ny tetik'asa
- Ka izany fanadihadiana izany dia miendrika na Fanadiahadiana momba ny fiantraikany ara tontolo iainana izay ny ONE no miandraikitra ny fandrindrana ny fanombanana izay iarahany amin'ny Komity teknika momba ny Fanombanana sahaza na Fandaharan'asa Irotsahanana eo amin'ny Tontolo iainana izay ny Ministera isan-tsehatra miahy ny Tetik'asa no miandraikitr'azy amin'ny alalan'ny Sampana momba ny Tontolo iaina ao aminy .
- Ka arakaraky ny toetoetra ara teknika, ny halehiben'ny tetik'asa na koa ny farefoan'ny toerana iorenany no anasokajina azy
- Ny ONE irery ihany no voalaza afaka manatanteraka ny fanasokajina (screening ) izany izay mifototra amin'ny filazalazan ny ambangovangony ny tetik'asa sy ny toerana iorenany
- Ny Fanadihadiana dia miafara amin'ny fanomezana ny ''fahazoandalana ara tontolo iainana »raha toa ka nahazo fankasitrahana ny fanombanana

**3. Olana mpitranga:**

- Fahasimban'ny tontolo iainana nohon'ny fihantraikan'ny tetik'asa;
- Tsy fanarahana ny fepetra napetraky ny bokin'andraikitra;
- Tsy fahatomombanan'ny fanaraha-maso na ny fitsirihana vokatry ny tsy fandraisana na ny tsy fahafantarana ny andraikitra tandrify ny mety ho mpandray anjara;

Fanombohana fanantanterahana ny tetik'asa ao anatin'ny fotoana fanombanana ara tontolo iainana

Tsy fanajàna na tsy fanarahana antsakany sy andavany ny fepetra napetraky ny bokinandraikitra

Tsy fahatombanan'ny fanarahamaos na fitsirihana vokatry ny tsy fandraisana na tsy fahafantarana ny andraikitra tandrify

Tsy fampiana na tsy fisian'ny fanarahamaso na fitsirihana arapotoana ataon'ny tomponandraikitra ara-panjakana ny fampiharana ny bokinandraikitra ataon'ny tompon'ny tetik'asa

- Tsy fahalavorarian'ny faminavinana sy fijerena mialoha izay ho fiantraikany;
- Tsy fahampian'ny fandinihana sy fijerena izay hadiry sy fiantefan'ireo traika heverina fa mafonja;
- Tsy fahombiazan'ireo fepetra napetraka ho fanamaivanana ny fahavoazan'ny tontolo iainana na hanolo vaika ny fahavoazana na koa ny fepetra hanarenana na hanonerana ny fahavoazana.

**5. Dikan'ny fanafohezan-teny:**

- **DREEF:** Talem-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Ala.
- **FFTI (MECIE) :** Fampifaneranana ny Fampiasam-bola amin'ny Tontolo Iainana.
- **KTF:** Komity Teknika momba ny Fanombanana.
- **ONE:** Foibem-pirenena momba ny Tontolo Iainana.





**2. Tanjona:**

Ny fanadihadiana momba ny fiantraika amin'ny tontolo iainana dia atao indrindra mba hamaly ny fanontaniana hoe : ilay tetikasa heritreretina hatao na efa misy ve manaja sy manaraka ireo fepetra ara-tontolo iainana misy entina hitantanana maharitra ny fampandrosoana?

- Ny Fanadihadiana momba ny fiantraikany amin'ny Tontolo iainana dia natao indrindrindra hisorohana na analefana sy anitsiana ny mety ho vokadratsin'ny ny fiorenan'ny tetikasa amin'ny Tontolo iainana amin'ny toerana na faritra iray.
- Hirindran'ny fanantanterahana ny tetik'asam-pandrosoana ara-ekonomika sy ny fioranavan'a ny tontolo iainana hisian'ny fampandrosoana maharitra

**4. Lafiny ara-lalàna sy fitsipika**

DIDY AMAN-DALÀNA MAHAKASIKA NY FIANTRAIKAN'NY TETIKASA AMIN'NY TONTOLO IAINANA

- Lalampanorenana Malagasy
- Sata mifehy ny Tontolo ianana nasiampanavaozana
- Hitsivolana faha 99-954 tamin'ny 15 desambra 1995, nahitsin'ny Hitsivolana Faha 2004-167 tamin'ny 03 febroary 2004 momba ny Fampanojoana ny Fampiasambola tetikasa amin'ny Tontolo Iainana;
- Didy 6830/2001 mametraka ny fomba fampandraisana anjara ny daholobe amin'ny fanombanana ara-tontolo iainana;
- Didim-pitondrana laharana faha 4355/97 tamin'ny 13 mey 1997 amaritana ireo faritra mora voatohitohina

DIDY AMAN-DALÀNA MIKASIKA NY FARITRA AROVANA SY NY FARITRA SARO-PADY

- Lalàna faha 2001/05 mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny faritra arovana;
- Fanapahana faha 817/ 04 tamin'ny 27 septambra 2004 mikasika ny famaritana sy famerana ireo faritr'ala saropady;
- Fanapahana faha 4355/97 tamin'ny 13/05/97 milaza ireo atao hoe faritra arovana;

DIDY AMAN-DALÀNA MOMBA NY FANDOTOANA NY TONTOLO IAINANA

- Lalàna faha 99 - 021 tamin'ny 19 aogositra 1999 momba ny politikam-pitantanana sy fanarahamaso ireo loto ateraky ny indostria;
- Fanapahana iraisan'ny ministera faha 6941/2000 tamin'ny 11/07/00 mametra ireo entona avoakan'ny fiarakodia;
- Hitsivolana faha 2003 / 464 tamin'ny 15 aprily 2003 manasokajy ny rano ambonin'ny tany sy ny fanarian-drano avy nampiasaina.
- Didim-pitondrana iraisan'ny Ministera laharana faha 6941/2000 tamin'ny 11/07/00 mametra ny entona avoakan'ny fiarakodia
- Didim-panjakana laharana faha 2003/464 tamin'ny 15/04/03 mametraka ny fanasokajina ny rano ambon'ny tany sy nny fanariandrano avy nampiasaina





**6. Fizaran'andraikitra**

| Tompon'andraikitra / sa | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny vondrom-bahoaka: Kaominina | Distrika | Faritra |
|---|---|---|---|---|
| Sivana (Screening) | Mamampy ny Kaominina amin'ny famatsiana antotan-kevitra mikasika ny tontolo kevitra mikasika ny tontolo toerana hisian'ny tetikasa | Miara-misalaha amin'ny Ministera miandraikitra ny tontolo iainana sy ny ONE amin'ny famatsiana ireo antotan-kevitra ilaina mikasika ny tontolo iainana misy manodidina ny toerana hisian'ny tetikasa | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina raha tetikasa maharakotra ny Kaominina | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina sy Distrika raha tetikasa maharakotra ny Faritra |

<table>
<tr><th rowspan="2">Tompon'andraikitra / Asa</th><th rowspan="2">Fokontany</th><th colspan="3">Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny vondrom-bahoaka</th></tr>
<tr><th>Kaominina</th><th>Distrika</th><th>Faritra</th></tr>
<tr><td colspan="5">FANADIHADIANA ARA-TONTOLO IAINANA (Etude d'impact)</td></tr>
<tr><td rowspan="4">Fanombana (Evaluation)</td><td rowspan="4">Manampy ny Kaominina amin'n'ny asa rehetra entina manatanteraka antsakany sy andavany amin'ny fampandraisana anjara ny mponina amin'ny fanombanana ny fanadihadiana ara-tontolo iainana nataon'ny tetikasa</td><td colspan="3">Ampahany na manontolo amin'ireo andraikitry ny Komity Teknika misahana ny Fanombanana (KTF) amin'ny fanaovana fanombanana dia azony afindra amin'ny Kaomininan na amin'ny vondrombahoaka hafa eo amin'ny toerana hiorenan'ny tetikasa araka ny bokin'andraikitra izay hametra ny anjaran'ny tsirairay.<br>Ny fisafidianana ny Kaominina na ny vondrom-bahoaka eo amin'ny toerana dia miankina indrindra amin'ny fahaizamanao mety hisy eo aminy, ny rafi-pitantanana mitondra azy ary ny fisian'ny manampahaizana ilaina amin'ny fanatanterahana izany.<br>Eny amin'ny tanan-dehibe dia azo atao ny mandray ny Fokontany misy ilay tetik'asa fa tsy voatery hijanona amin'ny Kaominina raha izay ny fanapahan-kevitry ny manampahefana.</td></tr>
<tr><td>Manome ny filazana ny fisokafan'ny paika arahina ary mampahafantatra ny vahoaka amin'ny alalan'ny peta-drindrina na amin'ny fitaovana fahampafantarana sahaza ao amin'ny toerana izay voafaritra ho amin'izany ary indrindra eo amin'ny manodidina akaiky indrindra ny toerana kasaina hiorenana.</td><td>Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina raha tetikasa maharakotra ny Distrika</td><td>Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina sy Distrika raha tetik'asa maharakotra ny Faritra</td></tr>
<tr><td>Miantoka ny fandaminana ireo paika arahina mikasika ny fizahana tsotra eo an-toerana ireo tahirin-kevitra dia iandraiketan'ny manampahefana eo an-toerana iorenan'ilay tetik'asa miaraka amin'ny fanohanan'ny Komity Teknika misahana ny Fanombanana (KTF) na ny ONE;</td><td>Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina raha tetikasa maharakotra ny Distrika</td><td>Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina sy Distrika raha tetik'asa maharakotra ny Faritra</td></tr>
<tr><td>Mikarakara ny fihaonan'ny tompon'ny tetik'asa sy ny mponina ao an-toerana ho fampahalalambaovao mikasika ny tetik'asa, ao anatin'ny fito (7) andro voalohany amin'ny vanim-potoana voatokana ho fandaminana ny paika arahina mikasika ny fizahana tsotra eo an-toerana ireo tahirin-kevitra. Misy ny fitanana an-tsoratra ataon'ny manampahefana eo an-toerana, ary tovanana ao amin'ny rejisitra mikasika ny fizahana eo an-toerana ny tahirin-kevitra<br>Fanolorana ny momba ny tetik'asa<br>Fanampin-kevitra hafa mikasika ny tetik'asa<br>Hevitra sy zava-manahirana ny mponina mikasika ny tetik'asa</td><td>Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina raha tetikasa maharakotra ny Distrika</td><td>Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina sy Distrika raha tetik'asa maharakotra ny Faritra</td></tr>
</table>

| Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny cantonnement/DREEF/ mambra CER voakasika ny tetik'asa | ONE | Andinin-dalàna |
|---|---|---|
| Miaraka amin'ny fanampian'ny ONE, mampirisika ny sehatra isanisany voakasiky ny tetik'asa amin'ny fanapariahana ireo antotan-kevitra ilaina ahafahana mitantana araka ny tokony ho amin'ny maha-olona | Fanapahan-kevitra (notification) milaza ny karazana fanadihadiana sy ny antony hanaovana izany tokony hataon'ny tetikasa, na tsia<br>- Manapakevitra feno amin'ny fanasokajina hoamin'ny karazana fanadiahadiana aratontolo iainana amin'ny Tetik'asa ary milaza amin'ny antsipiriany ny antony tokony hanaovana izany na tsia<br>- Mampandre ny tompon'ny tetik'asa , ny Ministera miandraikitra ny Tontolo iainana sy ny Ministera isan-tsehatra miahy ny tetik'asa | Didim-panjakana MECIE : Andininy faha 10 |

| Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny cantonnement/DREEF/ mambra CER voakasika ny tetik'asa | ONE | Andinin-dalàna |
|---|---|---|
| **FANADIHADIANA ARA-TONTOLO IAINANA (Etude d'impact)** | | |
| Mpikambana tsy maharitra (ad-hoc) ao amin'ny Komity Teknika misahana ny Fanombanana (KTF) | ***Iarahana amin'ny CTE:***<br>- Fanombanana miaraka amin'ny CTE ny tatitry ny fanadihadiana ara Tontolo iainana ( fivoriana voalohany mandinika ny atontakevitra + fidinana eny amin'ny toerana iorenana'ny tetik'asa)<br>- Fanombanana miaraka amin'ny CTE ny tatritry ny fanadihadiana<br>- Fakana fanampim-panazavana na antontan-kevitra<br>- Fandrafetana bokin'andraikitra<br>- Fankatoavana ny fanadihadiana ara-tontolo iainana<br><br>***ONE manokana:***<br>- Mandrindra ny fanatanterahana ny fanombanana<br>- Fanomezana Fahazoan-dalana ara-tontolo iainana | Didim-panjakana MECIE : Andininy faha 24 (vaovao)<br>Didim-panjakana 6830/2001 momban'ny fandraisana anjaran'ny daholobe : andininy faha 5, 7, 9, 11 sy 13 |

| Tompon'andraikitra / Asa | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny vondrom-bahoaka | | |
|---|---|---|---|---|
| | | Kaominina | Distrika | Faritra |
| | | Ny manampahefana eo an-toerana no mitarika sy manaramaso ny filaminan'io fotoana fampahafantarana io. Izay olona rehetra mandray ny fitenenana mandritra io fotoana io dia tsy maintsy mahazo alalana mialoha amin'ny filoha mpitarika ny fotoana | | |
| | | Fanakatona amin'ny fomba ôfisialy ny rejisitra iraisam-bahoaka mikasika ny fizahana eo an-toerana ireo tahirin-kevitra sy manao ny filazana manamarina ireo fepetra nizoran'ny fihaonana ny vahoaka, ary ampiany ny heviny manokana mikasika ialy tetik'asa. | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina raha tetikasa maharakotra ny Distrika | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina sy Distrika raha tetik'asa maharakotra ny Faritra |
| | | Miantoka an-tsakany sy an-davany ny fizotran'ny fampahafantaram-baovao araka ny maha mpitarika azy eny an-toerana. | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina raha tetikasa maharakotra ny Distrika | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina sy Distrika raha tetik'asa maharakotra ny Faritra |
| | | Misahana ny fanakatonana ôfisialy ny rejistra iraisam-bahoaka mikasika ny fijerena teny an-toerana ny atontan-kevitra EIE ary koa manao tatitra ny fizotran'ny fanatontosana ny fitsirihana ny daholobe sy mametraka ny fomba fijery manokan'ny Kaominina ilay tetik'asa. | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina raha tetikasa maharakotra ny Distrika | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina sy Distrika raha tetik'asa maharakotra ny Faritra |
| | | Manome ny ONE ny rejisitra iraisam-bahoaka mikasika ny fizahana eo an-toerana ireo tahirin-kevitra sy ireo tovany, ny filazana manamarina ireo fepetra nizoran'ny fihaonana sy fihainoana ny vahoaka miampy ny heviny manokana, ao anatin'ny dimy (5) andro fiasana manaraka ny fiafaran'ny fe-potoana omena ny tompon-kevitra ho fanomezany ny tahirin-keviny araka ny andininy etsy aloha . | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina raha tetikasa maharakotra ny Distrika | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina sy Distrika raha tetik'asa maharakotra ny Faritra |
| | | mitady ny toerana azo antoka , tsy mitanila azo anaovana famoriam-bahoaka<br>- miantoka ny fahatatanterahan'ny fivoriana ampilaminana hatramin'ny farany<br>- manampy sy manentana ny vahoaka handray anjara mavitrika amin'ny adihevitra hoamin'ny tombotsoa iombonana entin'ny tetik'asa amin'ny faritra misy azy sy ny filazana ny ahiahin'izy ireo mikasika ny fiorenanan'ny tetk'asa | | |
| **Fanatanterahana ny tetikasa (Mise en place du projet)** | | Mampahalala ny mponina ny fisian'ny Bokin'andraikitra ny tetik'asa ara-tontolo iainana ny sy izay rehetra voarakitra ao anatiny | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina raha tetikasa maharakotra ny Distrika | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina sy Distrika raha tetik'asa maharakotra ny Faritra |
| | | Manampy amin'ny fanaraha-maso ny fanatanterahana ny voalaza ao amin'ny Bokin'andraikitra ara-tontolo iainana natao ho an'ny tetikasa. | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina raha tetikasa maharakotra ny Distrika | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina sy Distrika raha tetik'asa maharakotra ny Faritra |
| | | Milaza amin'ny ONE raha sendra misy tsy fanarahan'ny tompon'ny tetikasa araka ny tokony ho izy ny Bokin'andraikitra ara-tontolo iainana. | | |

| Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny cantonnement/DREF/ mambra CER voakasika ny tetik'asa | ONE | Andinin-dalàna |
|---|---|---|
| | | |
| | | |
| Fandrindrana ny fanaraha-maso (contrôle) Manaraha-maso ny fanatanterahana ny voalaza ao amin'ny Bokin'andraikitra ara-tontolo iainana natao ho an'ny tetik'asa Mitantana ireo fitarainana mikasika ny tetikasa mbola tsy nahavita fanadihadiana ara-tontolo iainana Fampitandremana na fanomezana sazy ny tetik'asa raha toa misy zavatra tsikaritra tsy mifanaraka amin'ny Bokin'andraikitra ara-tontolo iaianana | | |
| Mpikambana tsy maharitra (ad-hoc) ao amin'ny Komity mpanara-maso ara-tontolo iainana | | |

| Tompon'andraikitra / Asa | Fokontany | Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny vondrom-bahoaka: Kaominina | Distrika | Faritra |
|---|---|---|---|---|
| | | Mitahiry ireo fitarainana mikasika ny tetik'asa ary mandefa izany any amin'ny ambaratongam-pahefana mahefa misahana izany (Ministera, ONE) | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina raha tetikasa maharakotra ny Distrika | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina sy Distrika raha tetik'asa maharakotra ny Faritra |
| | | Fisintonana ny Fahazoandalana ara-tontolo iainana, iarahana amin'ny Ministera miandraikitra ny tetikasa | | |
| | | - Tsy maintsy manana ny bokinandraikitra ary zony ny mitaky izany any amin'ny ONE na ny Tompon'ny tetik'asa<br>- miara -midinika amin'ny Ministera isan-tsehatra miahy ny tetik'asa sy ny ONE amin'ny fanomezana sazy henjana ary hatramin'ny fisitonana fahazoandalana ara tontolo iainana raha toa ka manao tsinotsinona ny fampitandremana sy ny torimarika fepetra fanitsiana na fanononerana apetraka<br>- Manao sonia sy VIJA ny tatitra isambanipotoana mikasika ny fanarahamaso ny fanantanterana ny bokinandraikitra ataon'ny tetik'asa alohany handefasany azy any amin'ny ONE | | |
| **Fanakatonana na Fifaranan'ny tetikasa (Fermeture ou fin de projet)** | | Mandray anjara miaraka amin'ny Komity mpanara-maso ara-tontolo iainana amin'ny fanombanana ny tatitra ara-tontolo iainana ny fihafarana na fikatonan'ny tetik'asa<br>Mijoro ho vavolombelona sy manamarina eo anoloan'ny Komity mpanaramaso ara tontolo iaina ny fahavitàna na tsia ny andraikitry ny tetikasa amin'ny asa fanarenana, na fanonerana voasoratra ao anaty bokinandraikitra | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina raha tetikasa maharakotra ny Distrika | Mitovy andraikitra amin'ny Kaominina sy Distrika raha tetik'asa maharakotra ny Faritra |
| | | Fanapahan-kevitra iarahana amin'ny Komity mpanara-maso ara-tontolo iainana amin'ny fanomezan'ny ONE ny tetik'asa ny tapakila maha ara-dalàna azy ara-tontolo iainana | | |

| Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny cantonnement/DREF mambra CER voakasika ny tetik'asa | ONE | Andinin-dalàna |
|---|---|---|
| **FANADIHADIANA ARA-TONTOLO IAINANA (Etude d'impact)** | | |
| | | |
| | | |
| | - Mandrindra ny fanatanterahana ny fanombanana<br>- Fanomezana Fahazoan-dalana ara-tontolo iainana fa saingy fanombanana ny tatitra ara tontolo iainana fanakatonana ny tetik'asa izay miafara amin'ny fanomezana **"Fanafahan'andraikitra momba ny tontolo iainana"** raha toa ka nahazo fankasitrahana ny fanombanana | |

**1. Famaritana:**

Maro ny karazan'aretina mitranga vokatry ny fahasimban'ny tontolo iainana, ka anisan'izany ny Pesta. Mifanindran-dalana sady manamora izany fahasimbana izany ny doro tanety sy ny fandripahana ala ary ny tavy ka mahatonga ny firongatry ny voalavo hihanaka eny amin'ny toeram-ponenan'olombelona.
Ny Pesta dia aretim-boalavo miampita amin'ny alalan'ny kaikitry ny parasy ary mora mifindra sy mamono haingana.

**3. Olana mpitranga:**

- Ny hetraketraky ny olombelona amin'ny alalan'ny doro tanety, ny tavy sy ny fandripahana ala izay antony lehibe manapotika ny toeram-ponenan'ny voalavo ka mampitsoaka azy eny an-tanàna.
- Ny fahapotehan'ny tontolo iainana ary ny ala no mandripaka sy mampitsoam-ponenana ireo zava-manana aina mpihinana voalavo;
- Ny tsy fahampian'ny fahalalàna sy fahantrana no mahatonga ny olona hiaina ao anatin'ny loto ka misarika ny fiveloman'ny voalavo ;
- Ny tsy fahampian'ny tobim-pahasalamana sy ny mpitsabo ary ny fitaovana ilaina amin'izany no tsy mampahomby ny fanentanana aram-pahasalamana atao sy ny fandraisana an-tanana ireo marary ;
- Fampiasana akamehana ny fanafody famonoana voalavo sy bibikely tsy manaraka ny fepetra fanajana ny tontolo iainana.

**5. Dikan'ny fanafohezan-teny:**

- **ASEB :** Analyse situationnelle et estimation des besoins en santé et environnement (dinika momban'ny tranga sy fanombanana ny filana eo amin'ny sehatry ny fahasalamana sy ny tontolo iainana)
- **CSB :** Centre de Santé de Base (tobim-pahasalamana ifotony)
- **VOI :** Vondron'Olona Ifotony
- **TEF :** Triage en Environnement et Foret (teknisianina ny tontolo iainana sy ny ala)
- **DRS :** Direction Regional de la Sante (sampan-draharaha misahana ny fahasalamana eo anivon'ny faritra)

6- **Fizarana andraikitra**

| Tompon'andraikitra / Asa | Ministeran'ny Tontolo Iainana, Haivoahary ary ny Ala | Faritra |
|---|---|---|
| **fisorohana ny fiparitahan'ny pesta :** | • Fanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana, Haivoahary ary ny Ala sy ny Ministeran'ny Fahasalam-bahoaka ary ireo sampan-draharaha maro isan-kazany mba hisian'ny fitoviam-pijery manoloana ny fisorohana ny aretina pesta<br>• Fanabeazam-boho ny asa fikarohana eo amin'ny sehatry ny famonoana voalavo sy bibikely izay tsy ampiasana akora simika mba tsy hisy fiantraikany amin'ny tontolo iainana;<br>• Famolavola paik'ady entina ampihenana na hanafoanana ny fahazarana mampiasa ny doro-tanety amin'ny fambolena<br>• Fampitaovana ireo rafitra eny ifotony amin'ny ady atao amin'ny pesta<br>• Fametrahana rafitra mati-paika mba hahafahana manao tomban'ezaka | • Fanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'ny sampan-draharaham-panjakana misy any amin'ny faritra sy ireo mpiara-miombon'antoka mba isian'ny firindrana amin'ny ady atao ho fisorohana ny pesta ;<br>• Fanofanana ny tompon'andraikitra rehetra eny anivon'ny faritra mba hampitovizana ny tanjona tiana hotratrarina amin'ny fisorohana ny aretina pesta;<br>• Fanaovana tatitra ara-potoana momban ny tranga mampiahiahy manoloana ny mety hofihanaky ny pesta. |

**2. Tanjona:**

Ady amin'ny fiparitahan'ny valan'aretina pesta eo amin'ny sehatry ny tontolo iainana ankapobeny:

- Fampiharana ny fifanarahana iraisam-pirenena tany Libreville ho fiarovana ny fahasalaman'ny olona manoloana ny fahasimban'ny tontolo iainana
- Fikajiana ny tontolo iainana sy ny fahasalamana;
- Fampitsaharana ny doro tanety, ny tavy ary ny fandripahana ny ala;
- Fitandroana ny fahadiovan'ny olona sy ny toeram-ponenany;
- Fanamafisana ny ezaka fanentanana mitohy sy maharitra ho entina miady amin'ny fiparitahan'ny voalavo sy ny parasy izay mitondra ny otrik'aretina pesta.

**4- Hevi-dehibe sy lalana fototra iaingana**

- Ny fifandraisan'ny tontolo iainana sy ny fahasalamana dia voafaritra ao anatin'ireto lalàna sy fifanarahana iraisam-pirenena tanisaina manaraka ireto, saingy ny fampiharana azy no ilana fanamafisana mandrakariva :
- Lalana 2003-010 mikasika ny politika nasionaly momban'ny tontolo iainana ;
- Fanambarana tany Libreville (Déclaration de Libreville) nosoniavin'i Madagasikara ny Aogositra 2008, mikasika ny fiarovana amin'ny aretina vokatry ny fahasimban'ny tontolo iainana ;
- ASEB : dinika momban'ny tranga sy fanombanana ny filana eo amin'ny sehatry ny fahasalamana sy ny tontolo iainana (Analyse situationnelle et estimation des besoins en santé et environnement) natao tamin'ny 2010 ;
- Politika nasionaly momba ny fahasalamana sy ny tontolo iainana (Politique Nationale en santé et environnement) vita ny 2012 .

| Distrika | Kaominina | Fokontany |
|---|---|---|
| • Fandravonana ny paik'ady ny faritra ho azo tanterahina eny anivon'ny distrika;<br>• Fanofanana ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny kaominina ( Ben'ny tanana, Delegués, pitandro filaminana, CSBs, KASTI; VOI, Brigade de feu, TEF …) ;<br>• Fanamorana sy manampiana ny Fanentanana ataon'ny rantsamangaika;<br>• Fanovana tomban'ezaka mba ho fanarenana ny lesoka;<br>• Fanaovana tatitra ara-potoana eny amin'ny sampan-draharaha anivon'ny faritra; | • Famolavolana ny paikady hanatanterahana ny fandaharan'asa avy any amin'ny distrika sy ny fampandraisana andraikitra ny herivelona eny anivon'ny kaominina;<br>• Fanentanana sy fanofanana ny tompon'andraikitra isam-pokotany momban'ny fiarovana ny tontolo iainana sy fahadiovan'ny tanana;<br>• Fampandraisana andraikitra ny ireo tangalamena sy ny manampahefana eny ifotony mba hampahomby ny paikady;<br>• Fanaovana tomban'ezaka ho anarenana ny lesoka ;<br>• Fanomezan-danja ny fahaizamanao eny ifotony amin'ny ady amin'ny doro tanety mba ho fisorohana ny pesta. | • Fanentanana amin'ny fomba fisorohana ny pesta<br>• Fanentanana amin ny fampiasana fomba natoraly tsy mampiasa akora famonoana voalavo sy bibikely;<br>• Fanamafisana ny tompon'andraikitra efa misy eny amin'ny fokontany hiadivana amin'ny doro-tanety; |

| Tompon'andraikitra / Asa | Ministeran'ny Tontolo Iainana, Haivoahary ary ny Ala | Faritra |
|---|---|---|
| **hetsika entina iadivana amin'ny fiparitahan'ny pesta** | • Fampitombona ireo hetsika isan-karazany ho fanentanana ny olona amin'ny fanadiovana sy ny fiarovana ny tontolo iainana<br>• Fametrahana tetik'asa maharitra miaraka amin'ny ministeran'ny rano | |
| **fanatsarana ny fandraisana an-tanana ireo marary na olona ahiana mitondra otrik'aretina PESTA** | • Fanamafisana ny andraikitry ny Ministeran'ny Tontolo Iainana, Haivoahary ary ny Ala amin ny fanampiana ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka mba ho fanamorana ny ady atao amin ny peste sy ny fandraisana an-tanana ireo marary na olona ahiana mitondra ny otrik'aretina PESTA | • Fanamafisana ny fiarahamiasa miaraka amin'ny DRS amin'ny fanofanana ireo tompon'andraikitra amin'ny sehatra rehetra misy any amin'ny faritra ny amin'ny fomba fisehon'ny pesta sy ny tokony atao hiatrehana izany |

# NO ANTOKA TSY HISIAN'NY PESTA (Tohiny)

| Distrika | Kaominina | Fokontany |
|---|---|---|
| | • Fanesorana ny fako amin'ny fotoana tokony hanalana azy ary fifehezana izany amin ny toeram-pako na decharge manara-penitra mba tsy hanintona voalavo;<br>• Fanadiovana isan'andro ny tanana manontolo indrindra ny tatatra izay matetika itoeran'ny voalavo;<br>• Fametrahana dabam-pakoamin'ny toerana sahaza izany. | • Fanentanana ny mponina isam-pokontany hanatanteraka fanadiovana faobe;<br>• Fanentanana ny olona hanary fako eny amin'ny daba-pako;<br>• Fametrahana dinam-pokonolona ho fanajana ny fahadiovan'ny tanana;<br>• Fanaraha-maso ny fahadiovan ny tanana isam-pokontany<br>• Fanaovana tombana hanatsarana ny lesoka misy<br>• Fanentanana ny olona hanasa tanana matetika amin'ny rano sy savony |
| • Fanaovana fanentanana amin'ny fomba fisehon'ny pesta<br>• Fametrahana tobim-pahasalamana afaka mandray an-tanana ny olona marary (mpitsabo, fitaovana, fanafody) | | • fampilazana eny amin ny tompon'andraikitra raha misy tranga mampiahiahy<br>• Fitondrana haingana ny marary ahiana ho peste eny amin ny tobim-pahasalamana |

**1. Famaritana :**

Ny fiovan'ny toetrandro dia fiovan'ireo singa mandrafitra ny atmosfera izay manova ny toetrandro (maripana,rotsakorana,hamandoan'ny rivotra,daniky ny masoandro,rivotra).Izany dia noho ny famokarana be loatra ny etona mampihiboka hafanana avy amin'ny asa ataon'ny olombelona

**4. Lafiny lalàna sy fitsipika :**

- Didim-panjakana laharana faha-2010-043 tamin'ny 9 febroary 2010 izay manova ny didim-panjakana laharana faha-2009/576 izay mamaritra ireo andraikitra sy ny fandaminana anatiny ny Ministeran'ny Tontolo iainana,ny Ekolojia ary ny Ala.
- Didim-panjakana laharana faha 2015-092 tamin'ny 5 martsa 2015 mametraka ny birao nasionaly misahana ny fandrindrana ny fiovan'ny toetrandro sy ireo andraikiny
- Didim-panjakana laharana faha 98-1068 tamin'ny 18 desambra 1998 mikasika ny fankatoavan'ny Madagasikara ny fifanarahana lafika iraisam-pirenena momba ny fiovan'ny toetrandro
- Didim-panjakana laharana faha 2003 -909 tamin'ny 3 septambra 2003 mikasika ny fankatoavan'ny Madagasikara ny Fifanarahana Kyoto (protocole de Kyoto)
- Didim-pitondrana laharana faha –OO2/17 /MEEF izay manova sy mameno ny didim-pitondrana laharana faha 25357/15 MEEF sy laharana 1142/10/MEEF izay mi¬tondra fanavaozana ny « Autorité Nationale Désignée » misahana ny « « Mécanisme de Développement Propre » mifandraika amin'ny fifanarahana kyoto sy ireo tsena carbonina
- Didim-panjakana laharana faha 2015 -701 tamin'ny 20 aprily 2015 mikasika ny fankatoavan'ny Madagasikara ny fanovana Doha amin'ny fifanarahana Kyoto (Amendement de Doha au protocole de Kyoto)
- Didim-panjakana laharana faha 2016 -1188 tamin'ny 09 septambra 2016 mikasika ny fankatoavan'ny Madagasikara ny fifanarahana Paris (Accord de Paris)

**6. Fizaran'andraikitra**

| Tompon'andraikitra / Asa | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy ny Ala | Faritra | Distrika |
|---|---|---|---|
| **Fampiatiana ny fiovan'ny toetrandro amin'ny sehatra rehetra** | Fanaovana laharam-pahamehana ny fampahafantarana, ny fanentanana, ary ny fanofanana mikasika ny fiovan'ny toetrandro,, ,ny antony mahatonga izany, ny fanalefahana ary ny fiatrehana azy.<br>Fanamboarana sy fanaparitahana ireo fitaovana ilaina amin'ny fanentanana sy fampianarana ary fampiofanana ( peta-drindrina, boky kely, CD, fandaharana fohy amin'ny onja-peo,..)<br>Fanofanana ara- teknika momba ny fiovan'ny toetrandro Fampidirana ny fiovan'ny toetrandro amin'ny fandaharam-pianarana | fampidirana ao anatin'ny fanda¬haran'asan'ny faritra ny ny fiovan'ny toetrandro (PRD, PCD…).<br>Fampiroboroboana ny fiarahamiasa mikasika ny fanentanana sy ny fanatanterahana ireo tetik'asa momba ny fiovan'ny toetrandro<br>Fampahalalàna, sy fampitaovana amin'ny fanentanana mahakasika ny fiovan'ny toetrandro.<br>Fanatanterahana atrik'asa fiofanana mikasika ny fiovan'ny toetrandro eny anivon'ny Faritra | fanamorana ny fanatanterahana ny fandaharan'asa, tetik'asa ataon'ny sampan-draharaha miadidy ny fiovan'ny toetrandro<br>fanampina amin'ny fanatantera¬hana ny dra-fitr'asa mahakasika ny fiovan'ny toetrandro .<br>fanarahana antsakany sy andava¬ny ny torolalana sy ny toro-hay omen'ny eny amin'ny Faritra |
| **Fiatrehana ny vokadrat-sin'ny fiovan'ny toetrandro (adaptation)** | Famolavolana politika, paik'ady, fandaharan'asa, tetik'asa ho fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro ary ny fanatanterahana izany fandrindrana ireo asa mikasika ny fiovan'ny toetrandro<br><br>Famolavolana sy fanatanterahana tetik'asa mifantoka amin'ireo sehatr'asa tena marefo sy iharan'ny vokadratsin'ny fiovan'ny toetrandro (fambolena sy fiompiana, ny jono,ny rano,ny morotsiraka,ny ala sy ny zavamanan'aina samihafa ary ny fahasalamana)<br><br>Fampiroboroboina ny fiarahamiasa amin'ny mpisehatra | Fanoloran-kevitra na fanolorana tetik'asa ho fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro izay laharampahamehana eo amin'ny faritra<br><br>Fiarahamiasa amin'ny mpisehatra rehetra amin'ny fiovan'ny toetrandro amin'ny fanatanterahana ny tetik'asa na fandaharan'asa izay napetraka<br><br>Manara-maso ny fanatanterahana ny torolalana omen'ny faritra<br><br>Fiarahamiasa amin'ny fanatanterahana ireo politika, paik'ady, fandaharan'asa, tetik'asa izay napetraka ho fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro | Mandrindra ny fandaharan'asa, tetik'asa mikasika ny fiovan'ny toetrandro eo anivon'ny faritra<br><br>Manara-maso ny fanatanterahana ny torolalana omen'ny faritra<br><br>Fiarahamiasa amin'ny fanatanterahana ireo politika, paik'ady, fandaharan'asa, tetik'asa izay napetraka ho fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro |

**2. Tanjona :**

Ahafahan'ny sehatra rehetra, ny vondron-olona rehetra, ny olona tsirairay miatrika sy mandray anjara mavitrika amin'ny ady atao amin'ny fiovan'ny oetrandro

**3. Olana mpitranga :**

- Tsy ampy ny fanentanana, ny fampiofanana ary seraseram-pifandraisana mikasika ny fiovan'ny toetrandro ;
- Tsy ampy ny fahalalana mikasika ny fiovan'ny toetrandro sy ny fahafahana miatrika azy
- Maro ireo drafitr'asa fampandrosoana ny faritra tsy mbola nampiaty ny fiovan'ny toetrandro
- tsy ampy ny famatsiam-bola hanaovana tetik'asa ho fanalefahana na ho fiatrehana ny voka-dratsin'ny fiovan'ny toetrandro

**5. Dikan'ny fanafohezan-teny :**

**•ANAA (Actions Nationales d'Attenuation Appropriées) : Fandaharanasam-pirenena ho fanalefahana ny fiovan'ny toetran**

**•MEEF :** Ministeran'ny Tontolo Iainana, ny Haivoahary ary ny Ala.

**•PANA Programme d'Action Nationale d'Adaptation : Fandaharanasam-pirenena hiatrehana ny fiovan'ny**

**•PCD:** Drafitr'asa Kaominaly momban'ny Fampandrosoana.

**•PRD:** Drafitr'asam-Paritra momban'ny Fampandrosoana.

| Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny Kaominina | Fokontany | Andinin-dalàna |
|---|---|---|
| Fampidirana anatin'ny fandaha¬ran'asan'ny kaominina (PCD) ny fampahafantarana sy fanentanana mikasika ny fiovan'ny toetrandro<br><br>Fanentanana ny Fo¬kontany ao aminy sy fanarahana ny toro-làlana omen'ny Faritra sy ny Distrika.<br><br>Fiarahana miasa amin'ny tekni¬sianina momba ny fanofanana amin'ny fiovan'ny toetrandro sy ny fanarahana ny to¬romarika rehetra omeny.<br><br>Fampiroboroboana ny fiarahamiasa amin'ny mpisehatra rehetra mikasika ny famolavolana tetik'asa na fanatanterahana tetik'asa ho fanalafehana ny fiovann'ny toetrandro na ho fiatrehana ny vokadratsin'ny fiovan'ny toetrandro | Fanentanana ny mponina hiaino vaovao maripototra mikasika ny fiovan'ny toetrandro sy ny toetry ny andro ary handray fepetra mifanaraka amin'izany<br><br>Fampandraisana anjara ny rehetra mandritra ny fanen¬tanana mahakasika ny tontolo iainana sy ny fiovan'ny toetrandro.<br><br>Fampiharana avy hatrany ny toro-làlana omen'ny kao¬minina na ny mpisehatra mahakasika ny fiovan'ny toetrandro. | Politikam-pirenena ho fiadiana amin'ny fiovan'ny toetrandro (politique Nationale de Lutte contre le Changement Climatique)<br><br>Fandraisana anjara voafaritry ny firenena « Contribution determinée au niveau national »<br>Paik'adim-pirenena mikasika ny fampandrosoana madio sy ny tsenan'ny carbonina (Strategie nationale du Mecanisme de Developpement Propre) |
| Fampitana ny fiofanana azo mikasika ny fiovan'ny toetrandro<br><br>Fanamorana ny fanapariahana ny rafi-piatrehana eo anivon'ny ambaratongam-pahefana isantsokajiny | Fanentanana ny mponina amin'ny ady amin'ny fiovan'ny toetrandro (fampafantarana ny antony mahatonga ny fiovan'ny toetrandro, ny sehatr'asa voakasik'izany, ny fisehony, ny vokadratsiny , ny fepetra tokony ho raisina ho fanalefahana na hiatrehana ny vokadratsiny)<br><br>Famolavolana tetik'asa, paik'ady sy fandraisana fepetra eo amin'ny seha-pihariana (fanaovana vadin'asa, activité generatrice de revenue ) ho fiatrehana ny voka-dratsin'ny fiovan'ny toetrandro | Tetik'asa-piatrehana ny fiovan'ny toetrandro eto Madagasikara (PANA),<br><br>Fanohanana sy fampiroboroboana ny famokarana eo amin'ny sehatry ny fambolena , ny fiompiana., ary ny jono<br><br>Fikajiana maha¬ritra ny rano sy fananganana fotodrafitr'asa mifanaraka amin'ny fiovan'ny toetrandro |

| Tompon'andraikitra / Asa | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana sy ny Ala | Faritra | Distrika |
|---|---|---|---|
| | rehetra momba ny fiovan'ny toetrandro ( fiatrehana)<br><br>Fitadiavana famatsiam-bola hanatanterahina tetik'asa ho fihatrehana ny fiovan'ny toetrandro | Fiarahamiasa amin'ny mpisehatra rehetra amin'ny fiovan'ny toetrandro amin'ny fanatanterahana ny tetik'asa na fandaharan'asa izay napetraka | |
| **Fanenana ny famokarana entona mampihiboka hafanana na fanamafisana ny figejana ny entona mampihiboka hafanana na ny vovona carbonina (puits carbone) (atténuation)** | Famolavolana politika, paik'ady, fandaharan'asa, tetik'asa ho fanalefahana ny fiovan'ny toetrandro ary ny fanatanterahana izany<br><br>Fanaovana sahan'asa misintona carbonina amin''ny atmosfera<br><br>Fampiroboroboina ny fampiasana ny angovo azo havaozina<br><br>Fampiroboroboina ny fiarahamiasa eo amin'ny mpisehatra rehetra amin''ny fanalefahana ny fiovan'ny toetrandro | Fiarahamiasa amin'ny fanatanterahina ireo politika, paik'ady, fandaharan'asa, tetik'asa izay napetraka ho fanalefahana ny fiovan'ny toetrandro<br><br>Fanoloran-kevitra na fanolorana tetik'asa laharampahamehana ho fanalefahana ny fiovan'ny toetrandro | Fanatanterahina ny tetik'asa novo¬lavolain'ny Faritra.<br><br>Mandrindra ny fandaharan'asa, tetik'asa mikasika ny fiovan'ny toetrandro eo anivon'ny faritra<br><br>Fiarahamiasa amin'ny fanatanterahina ireo politika, paik'ady, fandaharan'asa, tetik'asa izay napetraka ho fanalefahana ny fiovan'ny toetrandro |

| Tandrifim-pahefana sy andraikitry ny Kaominina | Fokontany | Andinin-dalàna |
|---|---|---|
| Fampahafantarana ireo sehatr'asa marefo amin'ny fiovan'ny toetr'andro ka tokony anaovana asa<br><br>Fitadiavana famatsim-bola eo anivon'ireo mpisehatra hanaovana tetik'asa ho fanalefahana na ho fiatrehana ny vokadratsin'ny fiovan'ny toetrandro<br><br>Fametrahana torolalana ho amin'ny fampiatiana ny fiovan'ny toetrandro eo amin'ny famolavo¬lana ny drafitr'asamparitra mahakasika ny fambolena sy fiompiana;<br><br>Fanentanana ho amin'ny fananganana fotodrafitr'asa mifanaraka amin'ny fiovan'ny toetrandro<br>Fanaraha-maso sy fandrindrana ireo tetik'asa napetraka eny anivon'ny faritra | Fanentanana amin'ny fananganana fotodrafitr'asa mifanaraka amin'ny fiovan'ny toetrandro<br><br>Fanatanterahana ireo tetik'asa napetraka eny anivon'ny faritra | |

**1. Famaritana:**

Ny Faritra Arovana (AP) dia toerana iray voafaritra, an-tanety, an-dranomasina, amoron-tsiraka, anaty rano izay mampiseho lanja manokana ny ao anatiny indrindra momba ny haiaina, ara- boajanahary, amin'ny hatsaran'ny endrika, amin'ny firafiny ivelany, ara-tantara, momba ny haifahagola, ara-pivavahana na ara-kolontsaina, ary izay ilàna ny fiarovana amin'ny endriny marolafy, ho an'ny tombontsoan'ny daholobe ;

Izany dia tantanina ho amin'ny fiarovana sy ny fitandroana ny haiain'ny zava-manan'aina samihafa, ny fikajiana ny lanja manokan'ny harena voajanahary sy ara-kolontsaina ary ny fampiasana maharitra ny loharanon-karena voajanahary mandray anjara amin'ny fampihenana ny fahantrana

Ny Faritra Arovana dia Faritra voaaron'ny lalàna, ahitana fifampifehezana na politikam-pitantanana mba hifehezana amin'ny fampiasana ilay faritra. Araka ny fifanarahana iraisam-pirenena mahakasika ny karazan-javaboaary: « Izay rehetra toerana voafaritra, ka natokana anaovana asa fiarovana".

**3. Satan'ny Faritra Arovana**

Ny Faritra arovana iray dia sokajiana arakakaraky ny nanaovana azy sy ny zava-kendren'ny fitantanana mifanaraka amin'ny sata izay misy azy. Miisa enina (6) ireo satan'ny Faritra Arovana :

- Sata I: TAHIRIN-JAVABOAARY na Réserve Naturelle Intégrale (RNI)
- Sata II: VALAN-JAVABOAARY na Parc National / Parc Naturel (PN)
- Sata III: TAHIRIM-BAKOKA VOAJANAHARY na Monument Naturel (MONAT)
- Sata IV: TAHIRIN-JAVABOAARY MANOKANA na Réserve Spéciale (RS)
- Sata V: TONTOLO MIRINDRA VOAARO na Paysage Harmonieux Protégé (PHP)
- Sata VI: TAHIRIN-KARENA VOAJANAHARY na Réserve de Ressources Naturelles (RRN)

**5. Olana mpitranga:**

- Tsy fisian'ny fandraisan'anjaran'ny fokonolona amin'ny fametrahana sy fitantanana ny faritra arovana teo amin'ireo sokajin'ny faritra arovana tantanin'ny MNP;
- Tsy fijerena ny fiainan'ny olona manodidina fa mifototra betsaka amin'ny fiarovana ireo biby sy zava-maniry ny fametrahana ny faritra arovana;
- Fisian'ny fitrandrahana tsy ara-dalana ireo harena voajanahary izay mahatonga ny fandrimpahana ny ala sy ny biby ao aminy izay tsy miteraka vokatsoa ho an'ireo olona manodidina;
- Fahapotehan'ny harena voajanahary sy ny ala vokatry ny dorotanety sy tevy ala;
- Tsy fahampian'ny fanaraha-maso ny ala hataon'ny Ministera sy ny vondrom-paritra itsinjarapahefana.
- Fifindra-monina,
- Fisian'ny fitrandrahana tsy ara-dalana ireo harena voajanahary izay mahatonga ny fandrimpahana ny ala sy ny biby ao aminy izay tsy miteraka vokatsoa ho an'ireo olona manodidina;
- Fahapotehan'ny harena voajanahary sy ny ala vokatry ny dorotanety sy tevy ala
- Famadihana ny ala na ny tany lemaka ho lasa tany fambolena na tanimboly.
- Fitrandrahana harena an-kibon'ny tany tsy ara-dalana,
- Fihazana bibidia (varika, gidro, sokatra)ary fakana zava-maniry tsy ara-dalana,
- Disadisa tany

**7. Dikan'ny fanafohezan-teny:**

**COAP:** Code des Aires Protégées
**EIES:** Fanadihadiana momban'ny Fiantraika amin'ny Tontolo Iainana sy Sosialy.
**MNP:** Madagascar National Parks.
**PAG:** Drafi-Panajariana sy Fitantanana.
**PGES:** Drafi-Pitantanana ny Tontolo Iainana sy Sosialy.
**VOI :** Vondron'Olona Ifotony
**ONE :** Foibem-Pirenena ho an'ny Tontolo iainana

**8. Tetikady sy ny fiaraha-miombon'antoka momba ny harena voajanahary eto Madagasikara ny 2015 hatramin'ny 2025**

Ny fitantanana ny Faritra Arovana dia manaraka ny Tetikady sy ny fiaraha-miombon'antoka momba ny harena voajanahary eto Madagasikara ny 2015 hatramin'ny 2025 na SPANB, mifanaraka amin'ny Tanjona Aichi iraisam-pirenena. Miisa 5 ny tanjona stratejika izay ho tratraritsika eto Madagasikara :

**Tanjona stratejika A**:Mitantana ny antony mahatonga ny fahasimban'ny harena voajanahary amin'ny alàlan'ny fampidirana ny lanjanyeo amin'ny governemanta sy ny fiarahamonina: izay manana tanjona fototraefatra (4)

**Tanjona stratejika B :** Manena ny tsindry mivantana mihatra amin'ny harena voajanahary ary mampirisika ny fampiasana azy maharitra : izay manana tanjona fototraenina (6)

**2. Tanjona:**

Ny zava-kendren'ny Rafitra momba ny Faritra Arovana eto Madagasikara dia ny:

- fikajiana manontolo ny zava-miaina samihafa eto Madagasikara, indrindra ny tontolo manodidina , ny karazana sy ny fiovaovan'ny taranaka ;
- fanomezan-danja ny harena voajanahary sy ara-kolontsaina, ny fanabeazana ary ny fialambolin'ny olom-pirenena sy ny mpitsidika ;
- fanomezan-danja ny zava-miaina samihafa amin'ny alàlan'ny fikarohana ;
- fihazonana ny sampan-draharahan'ny haivoahary sy ny fampiasana maharitra ny loharanon-karena voajanahary mba hampihenana ny fahantrana ;
- fikajiana sy fanomezan-danja ny haren-tsaina Malagasy ;
- fampiroboroboana ny zahavoahary ;
- fitsinjarana mitovy ireo tombontsoa ateraky ny harena voajanahary;
- fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy sosialy ho an'ny taranaka any aoriana amin'ny alàlan'ny fikajiana sy fampiasana ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina sy tsy azo havaozina raha ilaina ao anatin'ny Faritra arovana Sata V na Tontolo Mirindra Voaaro.

**4. Ireo rafipitantanana misy ao anaty Faritra Arovana**

- **Rafitra fakan-kevitra :** ny departemantan'ny minisitera, ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana, ny solontenan'ny vondron'olona eny ifotony,ny fiaraha-monim-pirenena, ny sehatrasa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ireo Mpiara-miombon'antoka Ara-teknika sy Ara-bola mifandray amin'ny fananganana sy ny fitantanana maharitra ny Faritra Arovana ary koa ny fampaharetana ny Rafitry ny Faritra Arovana eto Madagasikara.

Mila ny fanaovana na ny fampiasana ny vondron-draharaha fakan-kevitra izay :

- ny Vaomieran'ny Rafitry ny Faritra Arovana eto Madagasikara na Vaomiera SAPM
- ny Komitin'ny Soridalana sy ny Fanombanana na COE
- ny Komitin'ny Soridalana sy ny Fizohiana na COS
- **Rafitra Mpanatanteraka :** mpitantanavoatendry namindrana ny fitantanana, VOI, federasion'ny VOI.

**6. Lafiny ara-lalàna sy fitsipika:**

- Fifanarahana iraisam-pirenena mahakasika ny karazan-javaboary;
- Lalàna tranainy laharana faha 2001-005 tamin'ny 11 febroary 2003 momban'ny « Code de Gestion des Aires Protégées » (COAP);
- Didim-panjakana laharana faha 2005-O13 tamin'ny 11 febroary 2005 mandrindra ny fampiharana sy ny didim-pitondrana laharana faha 2005-848 tamin'ny 13 desambra 2005 mampihatra ny andininy faha 2, andalana faha 2, 4, 17, 20 sy 28 ny lalàna laharana faha 2001/15 momban'ny COAP;
- Lalàna vaovao momban' ny COAP (Miandry ny promulgation);
- Didim-pitondrana navoakan'ny Ministeran'ny Harena ankibon'ny tany sy ny Ala, laharana faha 18633 momban'ny "mise en protection temporaire globale" ny faritra natokana harovana.
- Fifanarahana iraisam-pirenena mikasika ny karazan-java- manan'aina (CDB).
- Lalàna laharana faha 96-017 tamin'ny 08 aogositra 1997 anavaozana ny lalàna fitantanana ny ala.
- Lalàna laharana faha 96-025 tamin'ny 30 septambra 1996 mikasika ny fitantanana ireo harena voajanahary azo avaozina.
- Lalàna laharana faha 2015-005 tamin'ny 26 febroary 2015 anavoazana ny fehezan-dalanamomba ny fitantanana ny Faritra Arovana na COAP.
- Didim-panjakana laharana faha 2000-027 tamin'ny 13 janoary 2000 mifandraika amin'ireo vondron'olona ifotony miandraikitra ny fitantanana eny ifotony ireo harena voajanahary azo avaozina.
- Didim-panjakana laharana faha 2004-299 tamin'ny 3 martsa 2004 mametra ireo andraikitry ny Fokontany. Didim-panjakana laharana faha 96-898 tamin'ny 25 septambra 1996 mametra ireo andraikitry ny Ben'ny Tanàna.
- Didim-panjakana laharana faha 2004-859 tamin'ny 17 septambra 2004 mametra ireo fitsipika entina mametra ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny anjara raharahan'ireo Faritra.
- Didim-panjakana laharana faha 2016-128 tamin'ny 23 febroary 2016 mametra ny momba ny tetikady sy ny fiaraha-miombon'antoka momba ny harena voajanahary eto Madagasikara hatramin'ny 2015 hatramin'ny 2025 na SPANB
- Didim-panjakana mamaritra ny faritra fiarovana tsirairay.

**8. Tetikady sy ny fiaraha-miombon'antoka momba ny harena voajanahary eto Madagasikara ny 2015 hatramin'ny 2025 (tohiny)**

**Tanjona stratejika D:** Fanatsarana ny harena voajanahary amin'ny alalan'ny fiarovana ny zava-boahary, ny singa voajanahary ary ny fiovaovan'ny taranaka: manana tanjona fotottratelo (3), anisan'izany ny Faritra Arovana

**Tanjona stratejika E:** Fanamafisana ny tomobontsoa azo avy amin'ny harena voajanahary sy izay zava-tsoa entin'ny zava-boahary : manana tanjona fotottratelo (3)

**Tanjona stratejika F:** Fanamafisana ny fanatanterahane amin'ny alalan'ny fandaminana hiaraha-misalahy, ny fitantanana ny fahaizana ary fampitomboana traikefa : manana tanjona fotottraefatra 4

Miisa 20 ny tanjona fototra, ka ny tanjona fototra tsirairay dia manana ny drafi-panatanterahana azy miaraka amin'ny mombamomba azy.

**9- Fizarana andraikitra**

<table>
<tr><th>Tompon'andraikitra / Asa</th><th>VOI</th><th>Federasiona VOI</th><th>Mpitondra ara-dra-zana</th><th>Fokon-tany</th><th>Kaominina</th><th>Distrika</th></tr>
<tr><td>Fintantanana ny faritra arovana</td><td colspan="4">Mampiasa ny loharanon-karena voajanahary, tsy natao ho an'ny varotra mba hampiasaina amin'ny filana ao an-tokantrano, amin'ny ahavelomana na amin'ny fomban-drazan'ny mponina mipetraka eo an-toerana. Ny zo hampiasa dia tsy azo amidy</td><td>Manampy sy manoro-hevitra ary koa mana-ra-maso ny asan'ny VOI, Mijery ny fampiharana ny Dina, Mandamina ireo olana ara-piaraha-mo-nina, Mampahafanta-ra ireo fokon-tany amin'ny fisian'ny famindram-pi-tantanana, Mampahafanta-tra ara-potoana ny Sampan-dra-haraha momba ny Ala raha misy fandikan-dalàna mikasika ny ala,</td><td>Manome lanja ny fisian'ny Faritra Arovana eo amin'ny fanapaha-kevi-tra raisina, Fandrindrana ny asan'ireo sampan-dra-haraha ara-teknkika misy eny anivon'ny Distrika, Mampifanan-drify ny asan'ny Kaominina amin'ny lalàna velona</td></tr>
<tr><td></td><td>Afaka manao fifanekena momba ny fiantohana asa miaraka amin'ny vata-tenan'olona na fikambana-na mba hano-mezan-danja ara-toekarena ny lohara-non-karena voajanahary Miara-misa akaiky amin'ny Mpandrindra ankapobeny eo amin'ny fitadiavana mpiara miom-bon'antoka Mandray an-jara amin'ny asa fikarohana ireo mpandika lalàna.</td><td>Miantoka ny fandrindrana amin'ny anka-pobeny ireo asa jiaby Manaraka akaiky ny fame-trahana ny drafi-pitantanana sy ny politikam-pandroasoana ary ny asa fiarovana</td><td>Mampiro-borobo ny kolontsaina na fomban-dra-zana mifan-toka amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ; Mampirobo-robo ny fomba nentim-paha-razana mifana-raka amin'ny fampiharana ny dina ; Mandray anjara amin'ny famahana olana.</td><td colspan="3">Manao izay andraisan'ny vahoaka anjara amin'ny asa rehetra eo an-toerana ;</td></tr>
</table>

| Mpiantsehatra na mpanangombokatra voakasika | Faritra | Prefektiora | Mpitantana ny Faritra Arovana | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana, Ekolojia ary ny Ala | Sampandraharaha sectorialy voakasika (Famolena, fiompiana…) | ONE |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Mapivelatra ny fiaraha-miasa amin'ireo sampandraharaha isan-tsokajiny amin'ny fampiroboroboana ny asa fampandrosoana (fihariankarena) sy fanatanterahana ny asa fiarovana | Mampifanaraka ny paik'ady sy ny fomba fiasa hifanaraka amin'ny zava –misy an-toerana. | | Manao izay mahatanteraka ny asa Fitsinjovana aratsosialy sy asa fiarovana ny tontolo iainana; Miantoka ny fanatanterahana ny drafi-panajariana sy fitantanana ; Mamporisika ny mponina ao anaty faritra arovana mba hitady asa mampidi-bola maro rantsana | Manao fanombanana ny fanatanterahana ny drafipanajariana mikasika ny famindram-pitantanana eo anivon'ny VOI Mandray anjara amin'ny fanapariahana sy fampahafantarana ireo lalàna manan-kery mifehy ny ala, ilaina amin'ny fitantanana ny Faritra Arovana Mandray anjara amin'ny fanamafisana ny fahaizamanao eo amin'ny sehatry ny ala | | |
| | | | fototry ny fidiram-bolan'izy ireo, ary fitadiavana famatsiambola mifandraika amin'ny asa fiarovana ; Manao izay hampisy lanja ny Valan-javaboahary Arovana manontolo manoloana ireo sampandraharaha ara-teknika ; | Mandray anjara amin'ny asa fikarohana ireo mpandika lalàna. | Mandrafitra sy mitarika ireo paik'ady hampahazo antoka sy hampisy fiarovana tsy hisy hangalatra sy hanimba ireo toerana sy tany ao anaty Faritra Arovana ; Mitady ny tetika sy fomba atao hiarovana ireo tany anaty Faritra Arovana, mba ahafahana manao fandrindrana ny fiarovana azy ireo ; Mametraka fomba sy fitaovana hanamora ny famaritana, sy fametrahana borne ary manome laharana ara-panjakana ny Faritra Arovana; | |

<table>
<tr><th>Tompon’andraikitra / Asa</th><th>VOI</th><th>Federasiona VOI</th><th>Mpitondra ara-drazana</th><th>Fokontany</th><th>Kaominina</th><th>Distrika</th></tr>
<tr><td>Fanekena sy fankatoavana ny ampidirana ny faritr’ala ao anaty ny fianakaviam-be ny Faritra Arovana</td><td colspan="6">Manaiky an-taratasy ny fampidirana ny faritr’ala</td></tr>
<tr><td>Famaritana ny faritra arovana</td><td colspan="5">Mandinika sy mamakafaka ny fiantraikan’ny volavolam-panovana ny Faritra Arovana indrindra amin’ny toera-manintona<br>Mandray anjara amin’ny famaritana sy mankato ny fetran’ny faritra</td><td></td></tr>
<tr><td>Consultation publique sur (PAG, EIES, PGES)</td><td colspan="4">Mandray anjara amin’ny fivoriana ary manome ny hevitra sy hetaheta momba ny fametrahana ny Faritra Arovana</td><td colspan="2">Manentana ho amin’ny fandraisan’anjara mavitriky ny mponina</td></tr>
<tr><td>Famoahana ny didim-pitondrana ny fiforonana vonjimaika na ny didim-panjakana maharitra</td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td></tr>
<tr><td>Fametrahana ny drafi-panajariana ny faritra arovana</td><td colspan="6">Manatsara sy mankato ny drafi-panajariana<br>Mandray anjara amin’ny famolavolana ny drafitsary ankapobe</td></tr>
<tr><td>Famolavolana ny EIES sy ny PGES amin’ny fametrahana ny faritra arovana</td><td colspan="6">Mandray anjara amin’ny famolavolana</td></tr>
<tr><td rowspan="2">Fametrahana Komitin’ny Soridalana sy ny Fanombanana na COE/ Komitin’ny Soridalana sy ny Fizohiana na COS</td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td></tr>
<tr><td colspan="6">Mambra anaty Komity</td></tr>
</table>

| Mpiantsehatra na mpanangombokatra voakasika | Faritra | Prefectiora | Mpitantana ny Faritra Arovana | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana, Ekolojia ary ny Ala | Sampandraharaha sectorialy voakasika (Famolena, fiompiana…) | ONE |
|---|---|---|---|---|---|---|
| ho ao anatin'ny Faritra arovana | | | | Manohana sy manaiky ny fampidirana ny faritr'ala ho ao anatin'ny Faritra arovana | Manaiky an-taratasy ny fampidirana ny faritr'ala ho ao anatin'ny Faritra arovana | |
| | | | Mandrindra ny famaritana ary mizara izany any amin'ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny | | Topo sy fananantany : Mandray anjara amin'ny famaritana sy mankato ny fetran'ny faritra ary manao fitanantsoratra mifanaraka amin'izany | |
| Mandray anjara amin'ny fivoriana | Manentana ho amin'ny fandraisan'anjara mavitriky ny mponina | | Mandrindra sy manomanany fivoriana<br>Mitandro mba ho voaentana avokoa ireo olona tokony hantrika ny fivoriana | | Mandray anjara amin'ny fivoriana | tompo-mariky ny asa nomempahefana ary foibe fandraharahana tokana ho amin'ny Fampifanerana ny fampiasam-bola hamokarana amin'ny tontolo iainana |
| | | | Mamolavola ny an-tonta-taratasy rehetra sy manantanteraka ny famoahana ny didim-pitondrana ny fiforonana vonjimaika na ny didimpanjakana maharitra | | Manao tatitra amin'ny ratsanmangaikany ny fivoriana teny ifotony | |
| momba ny fanajariana na PAG | | | Mamolavola miaraka amin'ny mpikaroka ny drafi-panajariana | | Manatsara sy mankato ny drafipanajariana | |
| | | | Mamolavola sy mandrafitra ireo antontan-taratasy rehetra ilaina | | | Mandrindra ny fananterahana ny EIES sy PGES |
| | | | | Mandrindra ireo asan'ny Komity | | |
| Mambra anaty Komity | | | | | | |


| Tompon'andraikitra / Asa | VOI | Federasiona VOI | Mpitondra ara-drazana | Fokontany | Kaominina | Distrika |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Fanaovana asa fikarohana ara-tsiantifika sy ekonomika ary sosialy.** | Mandray anjara amin'ny atrikasa siantifika amin'ny fanaovana | | | | | |
| | | | | Manampy amin'ny fanorona lalana sy toerana hanaovana fikarohana | Manome ireo an-tontam-pahalalana mikasika ny ara ekonomika sy sosialy | Mandrindra ny fampandehanana ny asa fikarohana |
| **Fivoriana fampisehoana ny vokatry ny fikarohana eo amin'ny vahoaka sy ny tompon'andraikitra** | Manatsara sy mankato ny vokatry ny asa fikarohana | | | | Manampy amin'ny fikarakarana ny fivoriana | Miahy ny fivoriana |


# ETO MADAGASIKARA (Tohiny)

| Mpiantsehatra na mpanangombokatra voakasika | Faritra | Prefectiora | Mpitantana ny Faritra Arovana | Sampandraharahan'ny Tontolo Iainana, Ekolojia ary ny Ala | Sampandraharaha sectorialy voakasika (Famolena, fiompiana…) | ONE |
|---|---|---|---|---|---|---|
| teti-pivoarana momba ny fikajiana | | | | | | |
| | Mandrindra ny fampandehanana ny asa fikarohana | Mandrindra ny fampandehanana ny asa fikarohana | | Manome Fanomezan-dalana amin'ny asa fikaroahana Manaraha-maso ny fanantanterahana ny asa fikarohana | | |
| Mpandray anjara amin'ny fivoriana | Miahy ny fivoriana | | Manomana ny fivoriana | Manomana ny fivoriana | Mpandray anjara amin'ny fivoriana | |


**1. Famaritana ny Sahandriaka**

Fitambaran'ireo toerana voafaritra ara-jeografika mazava tsara, afaka mandray ireo rano voajanahary mikoriana eo aminy izay mizotra mamonjy ireo sakelidrano sy renirano kely na lehibe, na mitsika any ambanin'ny tany. Ny alehiben'ny renirano iray no ahafahana mamaritra ny alehiben'ny sahandriaka iray izay mifanaraka aminy.





Ny sahandriaka tsirairay avy dia ampifandraisin'ireo tsipika voajanahary faritan'ny tendron'ireo vohontany mifanaraka aminy




**6. Fomba fiarovana sy fikajiana ny sahandriaka**

Arakaraka ny olana ara-tontolo iainana misy eo amin'ny sahandriaka iray no ahafahana mamaritra ny fomba fiarovana sy fikajiana azy.

Fanajariana ara-biôlôjika ny sahandriaka
« Végétalisation des rives », « culture en courbe de niveau », « haie vive », « fascine », « agroécologie »

Fanajariana ara-mekanika ny sahandriaka
"Cordons pierreux », «construction de trous d'infiltration », « construction de digue sur la pente »

**2. Famaritana ny anjara asan'ny roivoahary(service écosystémique)**

Ny anjara asan'ny roivoahary dia manome tombontsoa mivantana (mamatsy ara-tsakafo na rano ho an'ny zava-boahary indrindra ny olombelona) na ankolaka (mandrindra ireo singa mamaritra ny tontolo iainana ohatra amin'izany ny tsingerin'ny rano) ny olombelona izay miantoka ny fahavelomana.

**3. Tanjona**

- Fiarovana ny nofontany tsy ho kaon'ny riaka
- Fampihenana ny fiforonan'ny lavaka
- Fiarovana sy fikajiana ireo loharano
- Fanatsarana ny vokatry ny tantsaha
- Fiarovana ny tontolo iainana

**4. Olana mpitranga**

Noho ny fahapotehan'ny tontolo iainana vokatry ny ataon'ny olombelona (doro_tanety, doro ala, fitrandrahana tsy ara-dalàna ny harena voajanahary,…) dia :

- kahon'ny riaka ny nofontany eny amin'ny faritra ambony
- miforona ny lavaka
- tototry ny atsanga sy ny fasika ny faritra ambany
- Simba ny nofon-tany
- ngazana ny tendrimbohitra
- dibo-drano ny faritra ambany
- tsetsin'ny atsanga sy ny fasika ny toha-drano famokarana angovo aty amin'ny faritra ambany

**5. Dikan'ny fanafohezan-teny**

- **MEEF:** Ministeran'ny Tontolo iainana, ny Ekolojia ary ny Ala
- **DREEF:** Sampan-draharaha amin'ny Faritra misahana ny Tontolo iainana, ny Ekolojia ary ny Ala
- **PCD:** Drafitr'asa Kaominaly momba ny Fampandrosoana;
- **PRD:** Drafitr'asam-Paritra momba ny Fampandrosoana;

**7. Dingana ankapobeny arahina raha hanao fanajariana ara ekolojika ny sahandriaka**

**Fitsirihana ataon'ny teknisian'ny DREEF ireo sahandriaka any @ kaominina misy azy**

Sahandriaka mbola manome tsara ireo anjara asan'ny roivoahary

- Tohizana ny fanaraha-maso ny sahandriaka
- Apiana ireo zava-maniry eo an-toerana mba hitazomana sy fiarovana ny fahatsaran'ny sahandriaka

Sahandriaka efa simba ka tsy afaka manome ireo anjara asan'ny roivoahary

Atao ny fanadihadiana hamoahana ny drafi-panajariana ny sahandriaka:

- Jerena ny firafitrry ny havoana
- Jerena ny karazany ny nofon-tany
- Jerena ny marindrano ny toerana
- Jerena ny endriky ny fahasimbana

Atao ny famoriana ny fokonolona sy ny mpiantsehatra eo @ kaominina (sehatra tsy miankina, fikambanana tsy miankina, …) hampahafantarana sy handaniana ny drafim-panajariana ny sahandriaka

Atomboka ny asa fanajariana arakaraka ny sori-dalana voalazan'ny drafim-panajariana, izay hifandrombonan'ireo fokonolona sy ny mpiaramiombonantoka eny ifotony

Atao ny asa fanaraha-maso mitohy ny vokatry ny asa fanajariana

**8. Famaritana andraikitra**

| MEEF | Faritra | Kaominina | Fokontany | Fokonolona |
|---|---|---|---|---|
| Mamolavola ireo paikady sy pôlitikam-panjakana momba ny fanajariana ny sahandriaka (Ministera Foibe | Mampiditra anaty fandaharan'asan'ny Faritra ny fanajariana ny sahandriaka (PRD) | Mampiditra anaty fandaharan'asan'ny Kaominina (PCD) ny fanajariana ny sahandriaka | Mamporisika ny vahoaka handray anjara | mitondra ny fitaovana rehetra ilaina amin'ny fanajariana |
| Miantoka ny fanatanterahana ireo ireo paikady sy pôlitikam-panjakana momba ny fanajariana ny sahandriaka ary mamaritra ireo teknika ampiasaina mifanaraka amin'ny olana ara-tontolo iainana misy eny an-toerana (DREEF) | Mijery ny fifanarahan'ny tatitry ny Distrika amin'ny fihetezan'ny tanjona nofinidin'ny Fokontany sy Kaominina araky ny PRD | Manao ny fanentanana mandritra ny fivoriana sy fitsidihina atao any ifotony momba ny fanatanterahana ny tetikasam-panjakana ho fiarovana sy fanajariana ny sahandriaka | Mampahafantatra sy mamory ny olona maniry hanao fiofanana | tonga maro amin'ny fotoana anaovana ny fanajariana |
| Fitsirihana ataon'ny teknisian'ny DREEF ireo sahandriaka any @ kaominina misy azy | | Miara-miasa amin'ny teknisiana avy amin'ny sampandraharahan'ny Tontolo iainanana, Haivoahary ary ny Ala amin'ny fanofanana sy fampiharana izany | Mamamantatra ireo karazana masomboly tiana hovokarina | Atomboka ny asa fanajariana arakaraka ny sori-dalana voalazan'ny drafim-panajariana |
| Manome ny tantsoroka ara-teknika<br><br>Manao ny fanaraha-maso ireo sahandriaka<br><br>Mandray ny tatitra avy @ fkt/ kominina momba ny fanaraha-maso ireo sahandriaka<br><br>Mandray ny mety ho fitaraianana momba ny fahasimban'ny sahandriaka | | Manao ny fanarahamaso ny toetry ny sahandriaka eny ifotony<br><br>Manome ny tatitra any @ DREEF | Mitady izay tany rehetra azo hamokarana sy hambolena zana-kazo<br><br>Manao ny fanarahamaso ny toetry ny sahandriaka eny ifotony<br><br>Manome ny tatitra any @ kaominina | Mampahafantatra ny chef fkt ny zavamisy momba ny fahasilban'ny sahandriaka |
| Atao ny fanadihadiana hamoahana ny drafim-panajariana ny sahandriaka | | Atao ny famoriana ny fokonolona sy ny mpiantsehatra eo @ kaominina | Manome olona sy mikarakara ny fitaovana anaovana ny fanajariana ny sahandriaka | |

**TOROLALANA HO FIKAJIANA NY TONTOLO IAINANA**
**HO AN'IREO VONDROM-BAHOAKA**

Tompon-kevitra amin'ny fandrafetana : **- Minisiteran'ny Tontolo Iainana, ny Haivoahary ary ny Ala (MEEF)**
**- Foibem-pitondrana ankapoben'ny Tontolo Iainana (DGE)**

Fanatontosana : **Direction de l'Intégration de la Dimension Environnementale (DIDE)**

Komity mpanoratra :

- **Teny Fampidirana sy Tenin-dRamatoa Minisitra: Mr RABEMANANJARA Rivomalala, DIDE**
- **RABENANDRIANINA Rivosoa , SPPCECTD - DIDE**
- **Fambolen-kazo : Mme RAZAFINDRAHANTA Voahangiarivelo Hanitriniaina, DVRF**
- **Famindram-pitantanana ireo harena voajanahary azo havaozina: Mme RAZAFINDRAHANTA**
- **Voahangiarivelo Hanitriniaina, DVRF**
- **Fitrandrahana ny Ala : Mme RAZAFINDRAHANTA Voahangiarivelo Hanitriniaina, DVRF**
- **Ady amin'ny Dorotanety sy ny Doroala: Mme RAZAFINDRAHANTA Voahangiarivelo Hanitriniaina, DVRF**
- **Fandravonana ny fitarainana ara-tontolo iainana : Mme Agnes RAHERIMALALA, DGP**
- **Fanadihadiana momban'ny fiantraika eo amin'ny Tontolo iainana : Mme Alliance RAVAOMANANTSOA, DEE**
- **Ady amin'ny fiovan'ny toetr'andro : Mme Lantonirina RATOVONJANAHARY, BNCCC**
- **Faritra arovana eto Madagascar : Mme Seheno RAMANANTSOA, DSAP**
- **PNEDD : Mme RASOLOMAHENINANORO Emma Patricia, SCEE - DIDE**
- **PNErEDD : Mme Isabelle ANDRIANARIJAONA, SEDD - DIDE**
- **SNICEDD : Mme NOASILALAONOMENJANAHARY Ambinintsoa Lucie, SCEE - DIDE**
- **FIAROVANA SY FIKAJIANA NY SAHANDRIAKA: Mrs ANDRIANASOLO Rivoniony, DREEF ANALAMANGA et FIDIARINOSY Nandrianina Francel, DGEco**
- **FANARAHAMASO NY FITANTANANA NY ALA: Mme Hanitra**
- **PESTE : Dr RANDRIASANDRATANA Manampisoa Onja**
-

fandrindrana ankapobeny: **NOASILALAONOMENJANAHARY Ambinintsoa Lucie**

Fandrafetana : **RABENANDRIANINA Rivosoa**
**RABENAIVO Rijasoa Ernest**
**RAVELOMANANTSOA Miaro**

---

Raha mila fanazavana fanampiny, manantona ny:

*Ministère de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts(MEEF)*
*Direction de l'Intégration de la Dimension Environnementale (DIDE)*
*Ampandrianomby BP 571 (101)-Antananarivo, Madagascar*
*E-mail : ozoneproject@yahoo.fr/ Tél: 034 05 620 35*



**Edition Janvier 2018**